AMBOHIMANGAKELY

# LEHILAHY NISANDOKA HO LIETNA NANIRATSIRA SY NANOMPA ZANDARY
5

MARINA IZANY ! 6

## RAIKITRA SAHADY !


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7837 Taona faha-25 Vidiny : 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Alakamisy 04 aprily 2024


Tafa....sika 2

NINI (KIAKA)



## "SOA IHANY FA MPAMORONKIRA AHO, TOY IZANY KOA NY MPIKAMBANA"

LALATIANA RAVOLOLOMANANA 6



# NITORY NY FIADIDIANA NY TANÀNAN' ANTANANARIVO

PASI-PASI 11

RALAINASOLO

## KALAZA TAMIN'NY ATLETISMA, NY TSIPY KANETIBE NO NAMPISONGADINA NY ZANANY VAVY

ANTANANARIVO RENIVOHITRA 9


# TAPAKA NY RANO, NIDINA AN-DALAMBE NY MPONINA

BANKY FOIBEN'I MADAGASIKARA 8

## NITOMBO NY FANGATAHANA FINDRAMAM-BOLA







## Tafa....sika

Nini (Kiaka)

# "Soa ihany fa mpamoronkira aho ary toy izany koa ny mpikambana"

*Mankalaza ny 38 taona niorenany ny tarika Kiaka. Nisy ny resaka nifanaovanay tamin'i Nini, manodidina ny maha mpanakanto azy sy ny tarika :*

**Gazetiko** : Nini ve tao amin'ny tarika Kiaka foana hatramin'izay sa nisy tarika hafa nisy anao taloha vao niditra tao ? Efa mpiondana mozika mavesatra ve ianao hatramin'izay (talohan'ny naha Kiaka anao) ? Tantarao anie ny lalana nodiavinao ka nahatonga anao lasa mpikambana tao amin'ny tarika Kiaka ! Firy taona ianao no tao amin'ny tarika ? Firy taona izao ny tarika ?

**Nini** : « *Tao amin'ny KIAKA foana aho manomboka ny taona 1986. Fifaninanan-kira fony mpianatra tao amin'ny Kolejy Rasalama no niakarako sehatra voalohany. Tsy nanana mpihira ny tarika Kiaka tamin'izany, ka ny hira hoe " Lasa" no nasain zareo ( izy no namorona) nohiraiko ka nahatonga ahy voaray ho mpihiran'i KIAKA. 18 Taona aho tamin' izany ary 38 taona ny tarika KIAKA amin'ity 2024 ity»*.

**Gazetiko :** Ianao hita mandray anjara hatrany rehefa misy manao fampisehoana kalon'ny fahiny ireny. Ary hita fa tena voafehinao ilay izy raha mijery eny an-tsehatra. Mpihaino hira kalon'ny fahiny izany ianao ? Mba tantarao anay hoe ny nahatonga anao mahafehy ireny hira fahiny ireny sy ny fanekenao hihira azy ireny an-tsehatra nefa ianao tarika mivoy gadona mavesatra ?



**Nini** : « *Mbola tsy nahafantatra gadona Rock aho fony kely fa naheno sy niaina tao anatin'ny hira merina ary mpamoronkira sy mpandrindra ny dadako Gaston Andrianony. Naheno foana ny famerenana nataony miaraka amin'ny tarika misy azy aho, ka lasa nahay nihira ho azy. Feo voalohany; Feo faharoa ; Feo fahatelo; Beso!!! Ary " Ba Kira Malagasy sy Iraisampirenena no safidin ny tarika Gaston Andrianony tamin'izany. Niampy ireo hira sy mpihira naman i Dada nohenoiny ka lasa tiako ohatra : Ossy, Ramaroson Wilson, Kintana telo.* »

**Gazetiko** : Safidy amin'ilay hoe afaka mivoy gadona maro samihafa eny an-tsehatra ve no nahatonga anao hanapaka ny volonao sa… ? Nianatra momba ny fisehoana an-tsehatra ve ianao ?(fanentanana, fomba fitafy, fomba fanehoana ny kanto,…). Ilaina ve ny mianatra azy io sa mijery ny ataon' ny olona dia vita ? Inona no tsiambaratelon'i Nini ka mahatonga ny mpijery hifantoka amin'ny kanto atolotrao hatramin'ny farany ?

**Nini** : « *Faniriako fony kely ny ho lava volo ( mbola tsy nahafantatra Rock) satria tia mamaky boky sy mijery cinema ( noentin'i Dada sy Neny). Horonan-tsarimihetsika Western indrindra no tena jereko ka nahita ny paozin'ny "Apaches" ( lava volo) sy ny "Cowboys "( Santiag's) ka nahatonga ahy nisafidy io look io!!! Nanampy taty aoriana ny nahitako ireo mpilalao mozika Rock nankafiziko (Deep Purple Judas Priest -Saxon...) mivohy io look lava volo io. Tsy nianatra niseho sy nampiresaka mpijery aho fa tao an-tsaiko ny hoe: "Raha Mpijery aho dia inona no Fanentanana tiako ho lazain ny Mpihira???* ».





**Gazetiko** : Iza daholo kay no mamorona ny hiran'ny tarika Kiaka ? Ianao ve mamoron-kira ? Inona ny hira noforoninao ho an'ny tarika Kiaka ? Mbola mamoron-kira vaovao ve ny tarika sa ny taloha ihany no ataonareo eny an-tsehatra ? Inona no heverin'ny tarika Kiaka hoe mampiavaka anareo amin'ny tarika mpanao mozika rock rehetra?

**Nini** : « *Soa ihany fa mpamoronkira aho ary toy izany koa ny mpikambana ao amin'ny Tarika (Jonny, Joce, Jojo, Daddy, Deba). Ary azo lazaina naha ela velona any NY Talenta Famoronan Kira. JOCE ( Mpitendry gitara Basse & Mpihira) no nahaforona hira farany ( slow) tato ato ka hoe " Lasa Tiako ianao " no lohateniny ary efa ao amin'ny " YouTube" io. Ny Hira noforoniko toa ny « Rovako » ; « O malalaka » ; « Soavaly metaly », « Ny vola » .... Heverinay mampiavaka ny KIAKA ny fampiarahana ny " instruments " tsirairay (gitara basse , battery,clavier, vocal) ambony Sehatra izay mitondra Hery ,Fifaliana, Hafatra ,"Energy....ho anay sy ho an ny MPIJERY satria somary "an-tsehatra " ny Kiaka* »

**Gazetiko** : Lazao anie azafady ve ny programanao sy ny an'ny tarika Kiaka atao ho ato ?

Inona no tsiambaratelon'ny tarika Kiaka ka nahatonga anareo mbola be mpankafy nefa efa mihoatra ny 35 taona mahery nijoroana ?

**Nini** : « *Ao Antsahamanitra ny sehon'ny Tarika KIAKA manaraka amin'ny alahady 5 Mai 2024. Mikarakara rakipeo sy sary hivoaka ato ato ihany koa ny Tarika. Iarahanay amin'ny " BE MOZIKA"ny fanamboarana ilay tahirin-kira !!! Hoe ELA VELONA IZAHAY satria TIANAY ny gadona mozika lalaovinay eeee* »

**Nangonin'i Fy**

Festival " Tsika Jiaby " any Eorôpa

# Tarika maherin'ny 30 ao anatin'ny 3 andro mifanesy

Lasa ny RNS, misosoka ny Festival Tsika Jiaby ! Ny RNS (Rencontre Nationale Sportive), hetsika ara-panatanjahantena hiaonan'ny malagasy monina any Eorôpa, fanao isan-taona ao Vichy. Tanterahana ao anatin'ny faran'ny herinandron'ny paska izy io, ka tamin'ity taona ity ny 30 sy 31 martsa ary ny 1 aprily (alatsinain'ny paska) no nanatanterahana azy. Nikatona teo ny ridaon'ny RNS. Miala any indray ny hetsika goavana izay antsoina hoe « Festival Tsika Jiaby », izay hotontosaina mandritra ny 3 andro ihany koa any amin'ny Domaine de Courson any Monteloup. Mandritra ny faran'ny herinandron'ny pantekosta, hanomboka ny sabotsy 18 mey, hitohy ny alahady 19 mey ary hifarana ny alatsinain' ny pantekoty 20 mey 2024. Tarika mpihira maherin'ny 30 no hanafana ao an-toerana, izay avy aty Madagasikara avokoa ny ankamaroany. Anisan'ireny, ry Rossy, Mahaleo, Ambondrona, 'Zay, Denise sy Shyn, Samoela, sy ny maro hafa. Koa raha natao hoan'ny mpanao fanatanjahantena iry voalohany ; miompana manontolo amin' ny fialamboly hatolotry ny mpanakanto sy ny kolontsaina amin'ny lafiny maro kosa ity faharoa.









**Anisan'ny hanafana any amin'ny Festival ry Samoela, Rossy, Denise sy Shyn, tarika 'Zay.**

**Hitety vazantany**

Araka ny fanazavan'Atoa Mamy Rakotoseheno, tomponandraikitra voalohany mikarakara ity hetsika ity. Hotanterahana isan-taona ny Festival Tsika jiaby. Ary araka ny anarana nomena azy, hoentina mitety vazantany ity hetsika ity. « *Tsy hijanona eto Frantsa fotsiny izahay fa hoentina manerantany izy io, ka izay no nahatonga anay nisafidy hoe tsika jiaby. Tsy ho adino amin' izany ny any an-tanindrazana* », hoy izy.

Voalaza fa ity ny festival voalohany karakarain'izy ireo, fa efa nilona an-taona maro tao anatin'ny fikarakarana fampisehoana goavana izy ireo tamin'ny alàlan'ny Mams Prod. Efa nampiakatra andry Lôlô sy ny tariny tao amin'ny La Cigale ohatra ; ny fampisehoana nentina nankalazana ny 90 taonan'i Henri Ratsimbazafy, raha tsy hilaza afa-tsy ireo isika.

Ankoatra ny fampisehoana, hisy ny tranoheva marobe hampirantiana ireo vokatra malagasy indrindra ny asantanana sy ny sakafo mampiavaka antsika.

**Fy**

Samoela- Raboussa- Krutambull

# Hiray sehatra etsy Antsahamanitra

*Ny Alahady 21 Avrily manomboka amin'ny 2 ora tolakandro ny fotoana omen'ny SR Event ny mpankafy mozika an-tanan-dehibe sy vazo miteny.*

Anisan'ny mpanakanto nandrasan'ny maro teto Antananrivo nandritra iny fetin'ny Paska iny ry Samoela sy Raboussa ary Krutambull. Mba hamaliana ny hetahetan'ny mpankafy sy ny fitiavana hizara ny kanto dia hiray sehatra etsy Antsahamanitra izy ireo ny Alahady 21 Avrily izao. Omaly nampahafantatra izany tetsy amin'ny Grand Urban Hotel ny « SR Event » mpikarakara ny hetsika izay nampitondrainy ny lohahevitra hoe « Ampitiavana Be ». Tonga tao ihany koa ireto mpanakanto efa fanta-daza eo amin'ny tontolon'ny kanto malagasy sy ny mozikan'ny Tanan-dehibe ireto izay notronin'ireo mpanohana azy. Nambaran'ny « SR Event » fa *« hiavaka tsy toy ny tamin'ny taon-dasa ny amin'ity taona ity satria hanome tsirony ny fiarahana ny fisian'ny Krutambull »*. Raha ny fahitan'izy ireo azy ihany koa dia maro ny mponina eto Antananarivo no mankafy mijery fampisehoana ao Antsahamanitra. *« Hanolotra seho miavaka ho an'ny mpankafy izahay ary am-pitiavana be no hanaovana izany »* hoy Samoela. Entin'ny tarika Samoela mandritra ity fampisehoana ity ireo hirany nakafihizin'ny olona azy.




**Aharitra ora 4 mahery ny fampisehoana ary ho maro ny zavatra tsy ampozina hitranga ao Antsahamanitra mandritra izany.**

Betsaka izy ireo fa hira notsongaina manokana mihitsy no hatolotra amin'io Alahady 21 Avrily io hoy hatrany izy. Ho an'i Samoela, ity eo Antsahamanitra ity ihany koa ny fampisehoana farany ataony eto Antananarivo. Nohamafisin'ny Kroutambull ihany koa moa izany ary nambarany fa *« tsy handiso fanantenana ny mpankafy izy ireo ary hahazo tombony manokana ireo mpanakafy mozikan'ny tanan-dehibe amin'io fotoana iarahana io »*. Nandritra izay 23 taona nisian'ny tarika izay dia fantatr'izy ireo tsara ny zavatra takian'ny mpankafy. *« Anisan'ny fanasongadinana ny mozikan'ny tanan-dehibe izay nimatimatresako hatrizay naha mpanakanto ahy ity fampisheoana amin'ny 21 Avrily ity ka ny tsara indrindra no omeny ny mpankafy»* hoy Raboussa. Nambarany ihany koa fa *« Tsy hampiova ny zavatra atao eny an-tsehatra ny tsy maha eo an'i Fy fa efa misy mahasolo azy ao. Tsy izy irery no nosoloina fa nisy mpitendry gitara iray hafa ihany koa»*.

**Hanomboka amin'ny 2 ora tolakandro**

Hanomboka amin'ny 2 ora tolakandro ny fampisheoana ary amin'ny 7 ora hariva any vao mety hifarana. Hanolotra ny traikefa sy ny fahaizamanaony amin' ny fanamafisam-peo sy ny haingontsehatra ary ny jiro maro loko ny « Nyr—Image » Hametraka fahitalavitra lehibe moa ry zareo amin'io fotoana io. *« Tsy mbola nisy ohatr' izany ny sehatra ary hanaingo izany mba hisian'ny fientanentanana eo amin'ny mpijery sy ny mpankafy i Yoann Loic izay Dj efa fantan-daza »* hoy ny mpikarakara. Maro ny zavatra tsy ampozina hitranga ao Antsahamanitra amin'io fotoana io. Efa misy ihany koa ny tsakitsaky sy zava-pisotro isan-karazany amidy eny an-toerana izay ny Catt Express no miandraikitra azy. Mba hampilamina kokoa ny rehetra dia hisokatra ora roa mialoha ny fety ny vavahady fidirana. Efa amidy ny tapakila amin'ity hetsika « Ampitiavana be 2024» ity. Ahitana izany etsy amin'ny Super Music Analakely. Ho an'ireo izay tsy te hisahirana dia afaka jifaina an-jotra amin'ny alalan'ny « Ticket Place » izany.

**Tiaray R**

Zanadranavalona Anosimanjaka

# Hakotroka ny fankalazana ny Taombaovao Alahamady

Tsy mijanona amin'ny volana na daty iray mifanaraka amin' ny fanisan'andron'i « Pape Grégoire » ny fanasinandro fahagola satria isa lava no ampiasaina ka 28 andro ny volana iray. Raha araka ny fanazavan'i Alain Eddie Ravelonarivo, Filohan'ny Fikambanana Zanandranavalona Anosimanjaka dia *« Tahaka ny an'ireo tandrefana, mampiasa ny tetiandro Gregorianina, dia manana ny volana roa ambin'ny folo koa isika Malagasy, ka manomboka amin'ny volana Alahamady izany ary miafara amin'ny volana Alohotsy. Ny Alahamady izany no volana voalohany, ary ny vava Alahamady no andro voalohan'ny taona, io no taona vaovao na Taombaovao Malagasy, ka amin'ity taona ity dia ny 9-10 ary 11 Avrily izao no mifanaraka amin'io fanisandro io »*. Hanamarika izany amin'ny fomba miavaka ny Zanadranaavalona Anosimanjaka. Hanomboka ny 9 Avrily amin'ny 6 ora hariva ny amin'ny alalan'ny Arendrina fankalazana. Ny Alahady 10 Avrily ivon'ny fankalazana ny taombaovao Alahamady ary hamaranana azy ny 11 Avrily ny Hiragasy goavana hifanandrinan'ny Tarika Emilson « Tsy maka lagy » avy any Arivonimamo hikatroka amin'ny Tarika Rafara Hasimanga Georgine avy ao Ambohimandroso izay hanomboka amin'ny 10 ora maraina.



**Tsy miova ny tantara, tsy miova ny soatoavina malagasy, ary tsy miova ny fomba nentim-paharazana.**

Marihana fa efa 449 taona amin'ity 2024 ity no nankalazana azy io tamin'ny toerana maro teto amintsika. Araka ny didim-pitondrana 13.428/2015 tamin'ny 03 Avril 2015 navoakan'ny Minisiteran'ny Serasera sy ny Kolontsaina ho iray amin'ireo haren-tsainan'ny zanaka' olombelona tsy azo tsapaintanana eto Madagasikara ny Alahamady. Hatramin'izay dia *« Tsy miova ny tantara, tsy miova ny soatoavina malagasy, ary tsy miova ny fomba nentim-paharazana »* hoy ny Zanandranavalona Anosimanjaka.

**Misy hifandraisany**

Tany amin'ny andro fahagola dia tsy voafaritra tsara ny fiandohan'ny taona, fa rehefa nanjaka Ralambo, ary araky ny torimarik'i Habiby, izay Mpanjaka no Mpanandro, sady rafozan'ny Mpanjaka rahateo, dia voafaritra tsara ny fiandohan'ny taona teo amin'ny Malagasy. Amin'ny maha silamo an'i Habiby ( Ostronesianina) dia nofaritany araka ny fomba Silamo ny voalohan'ny volana Alahamady; ka nofaritany ho tao aorinan'ny Ramadany, faran'ny Ramadany ny fiantombohan' ny Alahamady. Izany hoe fety lehibe hoan'ny Silamo ny andro aorinan'ny fiafaran'ny Ramadany, izay lazaina hoe "IDY LEHIBE", ary io Idy Lehibe io no nofaritan'i Habiby ho andro Voalohany amin'ny taona Malagasy, dia ny vava Alahamady izany, ka niaraka nifety ny Malagasy sy ny Silamo satria ny fiarafan'ny Ramadany amin'ity taona ity dia ny ny faha-10 n'ny volana Avrily. Efa napetraka ho andro tsy fiasana kanefa handraisana karama eto amintsika moa ny Idy Lehibe.

**Tiaray R**

Tann Faya, Sanih ary Maya

# Hifampizara sehatra eny Ambohipo

Hanomboka amin'ny 9 ora alina ny Asabotsy izao ny fampisehoana iarahan'i Tann Faya sy Sanih ary Maya ao amin'ny Jao's Pub eny Ambohipo. Seho tsy manampaharoa hanoloran' izy telo lahy ny tsara indrindra avy any aminy amin'ny alàlan'ny mozika mampiavaka azy ity amin'ny Asabotsy ity. Ela ihany koa izy ireo no tsy niray sehatra sy tsy nihaona tamin' ny mpankafy azy. " A nous Magnenga" no lohahevitra entina manamarika izany. Nasaina manokana amin'ity seho ity ny Mason'Aloka mpiangaly ny gadona Rap sy ny mozikan'ny tanan-dehibe. Ny ankamaroan'ny hira moa dia hisy dihy mifanaraka aminy ka ny tarika "DMF Crew" no hitondra sy hanao ny sora-dihy amin'izany. Hitondra ny traikefany amin'ny fikosehana kapila mandritra izany ny Dj Emi, Dj Decky ary DJ Veveh. Hanome voninahitra ny hetsika ny Coach Lyta sy Coach Bernard ary Zoky Nossa. Hanolotra seho tsy ampozina ho an'ny mpankafy izy ireo amin'io fotoana io.

**Tiarya R**


## PETITES ANNONCES *Gazetiko*

### MIVIDY

* Miora. Mividy kojakoja, fanaka, poketra, kiraro, debara sns. Tél : 034.22.160.88 / 033.01.764.83. (G-BA 793/20-2)

### COURS

* Cours d'Anglais parlé et écrit à domicile ou particulier. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 792/7-2)

### SERVICE

* Mampianatra sary, manao chevalet. Tél : 032.58.580.61. (G-BA 796/2-1)

### VIDANGE

* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.22.595.81. (G-BA 788/20-12)

### MITADY ASA

* Mitady asa - Femme de ménage ou nounou. Tél : 034.90.866.97. (G-BA 794)

Anosibe An'ala

# Lehilahy gadra lava no nirahina hanao fanafihana, olona 13 naiditra am-ponja

*Dahalo 15 lahy no tonga tao amin'ilay tanàna.*



**Ireo zandary nanao ny hetsika tao Anosibe an'ala.**

Nahitam-bokany ny hetsika ady amin'ny tsy fandriampahalemana nataon'ny zandary miasa eo anivon'ny *«Cellule coordinatrice »* Anosibe An'Ala izay tarihin'i Kapiteny Fidimalala Ricardo. Nandritra ny hetsika natao no nahafahana nahafantatra fa lehilahy iray gadra lava tao an-toerana no miray tsikombakomba amin'ireo ati-doha amin'ny fanaoana fanafihana mitam-piadiana. Misy mpanam-bola tafidiitra amin' izany, izay maniraka azy hanao asa ratsy,misy filoham-pokontany ihany koa. Voasambotra avokoa ny ankamaroan'ireo ka 13 amin' izao no naiditra am-ponja vonjimaika, rehefa niakatra fampanoavana ny raharaha. Ankoatra azy ireo dia roalahy fantatra fa dahalo naman' ireo olona ireo ihany koa no lavo nandritran'ny fifandonana mahery vaika teo amin' ireo andian-dahalo ireo sy ny zandary. Nisy fitaovam-piadiana tratra, basim-borona niaraka amin'ny bala dimy nampiasainy ary rongony 600 grama. Izay hoe sady manafika ry zareo no manao varomaizina zava-mahadomelina ihany koa. Raha tsiahivina dia efa tamin'ny 21 janoary 2024 lasa teo no nisy asan-jiolahy niseho tao amin' ny fokontany Ambinanindrano kaominina Antratramarina distrikan'i Anosibe an'ala.

**Nandositra**

Dahalo 15 lahy no tonga tao amin'ilay tanàna. Nanapoaka basy izy ireo ary namono olona sady nanolana ankizivavy. Ankoatra izay dia vola mitentina 50 tapitrisa ariary ihany koa no voaroba. Nandositra ireo olon-dratsy ireo ka nanomboka nanao ny fikarohana ny mpitandro ny filaminana.Teo anelanelan' ny Antanambao Manampotsy sy Anosibe An'ala io toerana io.Izany hoe manalasala be ihany satria alavitra. Tany am-panaovana fikarohana ny zandary no nahafantatrra fa misy lehilahy gadra lava mandehandeha ao amin'ilay toerana. Noahiahiana io olona io ka nosamborina avy hatrany. Tamin'ny alalan'izany no nahafahana nisambotra an' ireo olona olona 13 voalaza etsy ambony ireo. *« Ilay gadra no ampiasain'izy ireo mamory jiolahy hafa ary mampiasa olon-dratsy maro ireo olona ireo. Ny 29 Marsa lasa teo dia mbola nikasa hanao fanafihana mitam-piadiana ry zareo. Nisy ny fifandonana teo amin'ny roa tonta ka dahalo roa efa mpamerinkeloka sy efa voafonja matetika no lavon'ny bala »* : hoy ny kapiteny Fidimalala Ricardo. Marihina fa izao ezaka izao dia anisany nankasitrahan'ny vahoaka tao an-toerana. Izany koa dia nentina hanampiana ny mponina ka hahafahan'izy ireo manao ny asa fihariana ataony andavan'andro.

**Deyland/ RC**

Farafangana

# Taolam-paty 23 gony nisy nanary



**Ireo taolam-paty hita!**

Gaga ny olona tamin'ny fahitàna ireto gony maromaro feno zavatra niparitaka teo an-tampon-tanety tao Farafangana ny Alatsinain' ny Paska teo. Rehefa nojerena akaiky izany dia hita fa taolam-paty avokoa no tao anatin'ireo gony ireo, izay nariana teo amin'io toerana io. Nampandrenesina avy hatrany ny mpitandro filaminana sy ny tomponandraikipanjakana tao an-toerana. Vetivety ihany koa dia niely tao an-toerana ny vaovao ka vory ny fokonolona nijery izany. Nandray an-tanana ny raharaha avy hatrany ny mpitandro filaminana ka nangonina tamin'ny toerana iray ireo taolam-paty rehetra. Taorian'izany fitsirihana natao dia nalevin'ny fokonolona ireo taolam-paty. Mbola tsy fantatra mazava kosa ny fasana nakàna izany saingy efa mandeha ny fitsirihana ireo fasana teny amin'ny manodidina sao sanatria nisy namaky. Tombanana ho fasana maromaro mihitsy no nakàna ireo taolam-paty ireo. Hatreto dia mbola mijanona ho misitery ny tena atidoha miketrika ity trafikana taolam-paty ity eto amintsika kanefa ny vaky fasana mitohy foana ihany.

**R.C**

CIRGN Antananarivo - Paska hieren-doza

## Olona 2 matin'ny lozam-pifamoivoizana, 28 naratra

Nanao hetsika nandritra ny dimy andro ny teo anivon'ny Faripiadidian'ny Zandarimaria Antananarivo tamin'iny fetin'ny Paska iny antsoina hoe « Paska hieren-doza ». Nahitàm-bokany izany satria nihena ny tranga ahitàna ireo karazana loza mpiseho raha oharina ny tamin'ny taon-dasa nanerana ny fari-piadidian'ny Zandarimaria Antananarivo. Raha ny tarehimarika voaray dia nahatratra fito ambinifolo teo ny trangana lozam-pifamoivoizana ka olona roa no namoy ny ainy tamin'izany ary valo amby roapolo kosa ny naratra. Samy vokatry ny fandehanana mafy avokoa no nahavoa ireo olona roa maty ireo, izay tamin'ny làlana mampitohy an'Antanetibe sy Soanierana, faritra Bongolava sy tao Ambodiriana, distrikan'Anjozorobe. Ankoatr'ireo namoy ny ainy vokatry lozam-pifamoivoizana ireo dia ankizivavy roa ihany koa no maty an-drano tany Mantasoa. Na vita aza ny fety dia tsy hijanona hatreo ny hetsika ataon'ny zandary fa hitohy hatrany. Nanamafy izy ireo fa tsy handefitra amin'ireo rehetra mpandika lalàna sy ireo tsy mitandrina ka lasa miteraka fahavoazana hoan'ny hafa. Toy izany ihany koa ny ady amin'ny asan-jiolahy, ny asan-dahalo, ireo mpanolana, tontakely ka ny fitsarana sy ny fonja no adiresy apetrakay ao anaty tapakila fidirana hoan'izay tratra.

**R.C**

Ambatoboeny

## Dahalo maty voatifitra teny am-pandosirana




**Ilay dahalo maty!**

Tovolahy iray vao telo amby roapolo taona monja kanefa efa malaza amin'ny asan-dahalo no maty voatifitry ny zandary tao Analamavo, fokontany Anosikary, kaominina Ambatoboeny ny Talata lasa teo tokony ho tamin'ny 11ora antoandro. Raha ny fanazavàna dia ekipan-dry Damany avy ao Matsaborilatsaka sy ny namany izy ity. Fantatra fa anisan'ny tomponantoka tamin'ny halatr'omby miisa sivy tao Ankadimalao, fokontany Anosikary, kaominina Ambatoboeny, izay nitranga ny 26 Martsa lasa teo ireto dahalo ireto. Tamin'ny fikarohana nataon'ny zandary no nahatratrarana ity tovolahy ity. Rehefa nofotorana izy dia nanondro ireo namany. Tamin'ny fotoana nitondrana azy hanoro ny zohy fieren'ireo namany indrindra anefa izy no nikasa hanararaotra hitsoaka handositra. Nomena fampitandremana tamin'ny alàlan'ny tifi-danitra mba hijanona saingy nanohy ny fandosirany hatrany. Voatery nitifitra ny zandary ka maty vokatr'izany ity tovolahy ity. Mbola tratra teny aminy ireo karazana ody gasy maro niambozonany. Mitohy hatrany ny fikarohana ireo namany.

**R.C**

MANAL'AZY DE MI'MEME



Ambohimangakely

# Lehilahy nisandoka ho lietnà, naniratsira sy nanompa zandary

*Milaza mahalala olona ambony ao amin'ny fitsarana Anosy izy.*

Lehilahy iray no nisandoka ho manamboninahitra zandary sady naniratsira sy nanompa ireo mpitando filaminana nanao ny asany teny amin'ny toerana antsoina hoe Ambodivoara ao anatin'ny fokontany andranovao, kaominina Ambohimangakely ny alatsinain'ny paka teo tokony ho tamin'ny 6 ora hariva. Amin'ny maha andro fety tamin'io fotoana io dia betsaka ny fiara mifamezivezy ka nandamina sy nandrindra ny fifamoivozana teny antoerana ireo zandary. Tamin'io indrindra no avy dia nitabataba tamin'ireo mpitandro filaminana ity lehilahy ity izay efa mamomamo. Nilaza izy fa tsy azo sakanana ny lalany. Nanoloana izany dia niezaka nanazava taminy ireo zandary fa mila fandamainana manokana ny fifamoivozana noho ny andro fety. Tsy nohenoiny anefa izany fa nivatravatra hatrany izy sady nitonona ho lietnà miasa ao Betongolo ary nilaza fa vao hifindra any Ankadilalana.

**Nosamborina**

Nompainy ireo zandary nanao ny asany sady norahonany fa mahalala olona ambony ao amin'ny fitsarana Anosy izy. Voatery nosamborina ralehilahy nony farany kanefa nandritra izany indray dia mbola nodakany ireo mpitandro filaminana. Nentina nankany amin'ny biraon'ny zandary teny Ambohimangakely ity lehilahy ity taorian'izay ary natao andrimaso tao amin'ny tobim-paritra izy. Mitohy ny famotorana azy eo anivon'ny mpitandro filaminana mialoha ny hitondrana ny raharaha eny anivon'ny fampanoavana. Fantatra fa monina eny Betongolo ity lehilahy misandoka andraikitra sy naniratsira zandary ity.

T.H

Morondava

# Tra-doza ny fiaran'ny polisy mpisava lalan'ny filohan'ny Antenimierandoholona



Anisan'ny naratra nanadritra ny loza.

Resabe tao anaty tambajotran-tserasera vao maraina ny tranga fiara iray tra-doza, izay nisava lalana an'ny Filohan'ny Antenimierandoholona ny Jeneraly Richard Ravalomanana, omaly alarobia. Mpanao gazety no nentin'io fiara io, ka telo tamin'ireo mpaka sary mpanao gazety ireo no naratra. Ny anankiray kosa voatery nakarina eto Antananarivo renivohitra mba handray fitsaboana. Vokatry ny fandehanana mafy no voalaza fa nahatonga ny loza. Izany hoe fiaran'ny polisim-pirenena ao Morondava ilay nisava lalana an'ireo tanjozotran'ny fiara manotrona ny filohan'ny Antenimierandoholona. Toy ny mahazatra rahateo dia tsy mandeha mora izy ireny. Ny antony aloha izay mbola tsy fantatra mazava. Araka ny loharanom-baovao kosa no nahalalana fa nisy olana aramekanika io fiara tsy mataho-dalana.Izany hoe tsy afaka nivily intsony ny kodiarana ka avy hatrany dia nidofitra tamin'ny tamboho. Potika ny lohan'ilay fiara ary naratra ireo mpandeha tao anatiny.

**Delegasiona**

*« Tonga teto Morondava ny Filohan'ny Antenimierandoholona ny Jeneraly Richard Ravalomanana nisy moa ny fitsenana nataon'ny tompon'andraiki-panjakana eto Menabe azy teny amin'ny seranam-piaramanidina ary niara-nizotra nanatitra azy tany amin'ny trano fandraisam-bahiny hivatanany ka nandritra izany no tra-doza ny fiaran'ny polisy izay mpisava lalana sady nitondra ireo mpanao gazety mpaka sary miisa valo. Ny telo no naratra nentina teny amin'ny CHRR Namahora fa ny roa efa nody rehefa nahazo fizahana sy fitsaboana ny iray kosa izay mpanao gazety miandraikitra ny seraseran'ny Antenimierandoholona dia voamafy amin'ny lohany sy sorony dia voatery nalefa any Antananarivo satria mbola tsy misy scanner ny ao amin'ny CHRR Morondava. Raha ny fitantaran'ireo mpanao gazety niaraka tamin'io fiara tra-doza io moa dia vokatry ny fandehanana mafy no nahatonga ny loza ka tsy tafavily intsony ilay fiara rehefa tonga teo amin' ny fiholanana teo amin'ny biraon'ny kaomisaria » :* hoy ny fanazavan'ny loharanom-baovao avy amin'ny mpanao gazety namana any an-toerana. Tsara ho fantatra fa mamita iraka any amin'ny faritra Menabe ny Filohan'ny Antenimierandoholona ny Jeneraly Richard Ravalomanana. Araka ny fanadaharam-potoany nihaona tamin' ireo tomponandraikitra any ifotony izy, omaly. Taorian'izay dia nisy ny fitsidihana nataony an'ireo toby fitaizana ireo olona manana fahasembanana sy ireo niharan'ny herisetra ao Morondava . Hitohy mandritra ny 3 andro ny fivahiniananany any an-toerana ,izay arahana atrikasa maro toy ny fambolen-kazo sy ny fihaonany amin'ireo mpitandro ny filaminana.Na izany aza azo lazaina ho nieren-doza ihany izy , ary tsy nahakasika ny delegasiona niaraka taminy io fiara tra-doza io.

Deyland

Mahitsy

# Trano nirehitra, tsy nisy noraisina ny tao ambony rihana



May avokoa ny entana rehetra tao ambony rihana.

Nisehoana hain-trano tany amin'ny toerana antsoina hoe Tsaramasoandro ao anatin'ny fokontany Soavinimerina ao anatin'ny kaominina Mahitsy ny alahady lasa teo tokony ho tamin'ny 7 ora hariva. Trano iray misy rihana no nirehitra tamin'io fotoana io ka may tsy nisy noraisina ny tao ambony. Kilan'ny afo tanteraka araka izany ny entana rehetra tao. Tsy fantatra mazava izay antony nahatonga ny firehetana fa tao amin'ny rihana ambony no niantombohan'izany. Ny afo efa niredareda no hitan'ny olona ary nifarimbona namono ny afo ny fokonolona tany an-toerana. Tsy niitatra araka izany ny firehetana fa ny entana rehetra tao ambony rehetra io no tsy nisy voavonjy fa may avokoa. Soa ihany koa fa tsy nisy ny naratra na namoy aina nandritra ity hain-trano ity. Rehefa nahafantatra ny zava-niseho ny zandary avy ao amin'ny tobim-paritra Mahitsy dia nandeha nidina ifotony nanao fizahana ifotony tany an-toerana.

T.H

Ampitatafika

# Mpamaky trano sarona niaraka tamin'ireo entana halatra



Voasambotry ny zandary ilay lehilahy, sarona koa ireo entana halatra.

Lehilahy iray 28 taona no voasambotry ny zandary teny amin'ny fokontany Soavimbahoaka ao anatin'ny kaominina Ampitatafika afakomaly. Tokony ho tamin'ny 9 ora maraina no tonga nanatanteraka ny asa ratsiny tany an-toerana ity lehilahy iray. Nijokojoko niditra tao amin'ilay trano izy rehefa nieritreritra ny tsy hisy hahita. Tsy nampoiziny anefa fa tsikaritry ny tompon-trano ralehilahy ka niantso zandary avy hatrany izy. Raha vao naheno mikasika ity tranga ity ny zandary dia nandeha nidina ifotony nankany an-toerana. Tonga ara-potoana izy ireo satria mbola hita tany ilay olondratsy. Ity farany kosa raha vao nahita ireo mpitandro filaminana tonga avy any dia lasa nandositra ary navelany teo ivelan'ny tamboho an'ilay trano avy nanaovany ny asa ratsy ireo entana nangalariny nataony tao anaty gony.

**Nifanenjehana**

Tsy namelan'ny zandary ilay lehilahy fa nifanenjehana aloha ka tsy lasa lavitra akory dia tratra. Nojerena ny tao anatin'ilay gony avy eo ka entana maromaro no tao toy ny ampli-baffle lehibe iray, radio iray, vata fahitalavitra iray ary batterie 12 V iray. Efa naverina tany amin'ny tompony ireo taorian'izay. Ilay lehilahy voasambotra kosa efa nentina nankany amin'ny tobim-paritry ny zandary ary natao andrimaso tany sy natao famotorana. Fantatra fa monina any Ambodivonikely ao anatin'ny kaominina Alatsinainy Ambazaha ity lehilahy voasambotra tratra namaky trano ity.

T.H

Mahajanga

# Ankizy mpianatra tratra nifoka rongony



Ireo rongony tratra tany amin'izy efa-dahy.

Efa-dahy tra-tehaky ny polisin'ny Fip any Mahajanga teo am-pifohana rongony tany amin'ny fokontany Tanambao Sotema afakomaly. Araka ny fantatra dia mbola tsy ampy avokoa ny telo tamin'izy ireo ary mbola mpianatra ihany koa. Nandritra ny fisafoana nataon'ny polisy no nahitan'izy ireo an'ireto andian-jatovo ireto nifoka rongony. Nosamborina avy hatrany ry zalahy. Rehefa natao ihany koa ny fisavana dia mbola nahitana rongony 20 fonosana teny amin'izy ireo. Nentina nankany amin'ny biraon'ny polisy ry zalahy taorian'ny fisamborana azy ireo. Ny polisy avy ao amin'ny boriborintany fahatelo any Antanimasaja no mandray antanana ny raharaha. Ka rehefa vita ny famotorana eo anivon'ireo mpitandro filaminana dia hatolotra ny fampanoavana ny raharaha.

T.H

Lalatiana Ravololomanana

# Nitory ny fiadidian'ny tanànan'Antananarivo





Marisarisa ny fifandraisan'ny PDS Richard Ramanambitana sy ny mpanolontsaina Lalatiana Ravololomanana.

*Iray volana aty aorian' ny nitondran'ny Delegasiona Manokana ny kaominina Antananarivo Renivohitra, mihenjan-droa ny tady eo amin'ny PDS sy ny mpanolontsaina Lalatiana Ravololomanana.*

Manomboka mafana ny fifandraisan'Ing. Richard Ramanambitana, Filohan'ny Delegasiona manokana eo anivon'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra miaraka amin'ny ekipany andaniny, sy ny mpanolotsain'ny tanàna miara-dalana amin-dRtoa Lalatiana Ravololomanana, an-kilany. Tompon'andraikitra roa samy manana ny maha izy azy, saingy voatery miara-monina sy miara-miasa, mba hampizotra araka ny tokony ho izy ny fampandehanan-draharaha eo anivon'ny kaominina. Raha tsikaritra ho efa tsy nitovy hevitra io Filohan'ny Delegasiona manokana sy io mpanolotsaina io tao anatin' ny andro maromaro, dia hita ho vao mainka mihenjan-droa ny tady eo amin'ny roa tonta amin'izao fotoana izao. Ankehitriny, tsy mijanona eny amin'ny lapan'ny tanànan'Antananarivo intsony ny disadisa fa tonga hatreny amin'ny Fitsarana misahany ny ady ifanaovana amin'ny fanjakana na Tribunal Administratif mihitsy. Araka ny nambaran-dRtoa Lalatiana Ravololomanana nandritra ny valan-dresaka ho an'ny mpanao gazety, omaly mantsy dia nitory ny fiadidian'ny tanànan' Antananarivo Renivohitra tarihin'Ing. Richard Ramanambitana amin'ny maha mpanolontsain'ny tanàna azy ny tenany. Antony, araka ny fanazavana dia raisiny ho tsy ara-dalàna ilay naoty mitondra ny datin'ny 15 Marsa teo, izay nanafoanan' ny Delegasiona Manokana mitantana ny tànana ankehitriny ny fampiasan'ireo mpivarotra ny karatra biometrika sy namerenana manontolo amin'ny kaominina Antananarivo Renivohitra ny fitakiana ny haban-tsena rehetra, izay niantsorohan'ny Orinasa Monisipaly SMGD teo aloha.

**Gaboraraka sy kolikoly**

"*Tsy afaka manafoana ny fanapahana noraisin'ny mpanolotsain'ny Tanàna nialohavana fifanarahana teo amin'ny fiadidian'ny tanànan'Antananarivo tamin' ny alàlan'ny ben'ny tanàna Naina Andriantsitohaina sy ny fikambanan'ny mpivarotra ara-dalana iny naoty navoakan'ny Delegasiona Manokana iny. Araka izany, hanatitra fitoriana eny amin'ny Fitsarana misahana ny ady ifanaovana amin'ny fanjakana Anosy izahay androany (mantsy ny omaly io). Heverinay ihany koa araka ny fanapahana noraisin'ny HCC nananganana ny Delegasiona Manokana dia tsy manana fahefana hanafoana ny fanapahankevitra efa noraisina teto anivon'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra ny Filohan'izany. Miainga amin'io fanapahana noraisin' ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana io mantsy dia fanohizana ny asa efa natao sy fampandehanana ny kaominina no andraikitry ny PDS fa tsy fanafoanana na fanovana ny fanapahan-kevitra efa vita teo aloha. Koa mihevitra izahay fa tsy ao anatin'ny ara-dalàna tanteraka io naoty io ary ny tena loza sy manahirana dia ambolmetra sy terivaimanta ary fandrahonana no atao amin'ireo mpivarotra mijoro sy milaza ny maha aradalàna azy ireo*", hoy Rtoa Lalatiana Ravololomanana tamin'izany. Ao anatin'izany rehetra izany, naneho ny ahiahiny amin'ny mety hampiverina ny gaboraraka sy hampirongatra ny kolikoly amin'ny famerenana amin'ny Fiadidiana ny Kaominina Antananarivo Renivohitra ny fitakiana ny haban-tsena io mpanolontsain'ny tanàna io.

**Mamy R.**

## Marina izany !

### Raikitra sahady !

**Herinandro vitsivitsy mialoha ny fifidianana ireo solombavambahoaka handrafitra ny Antenimierampirenena, banga ny toeran'ny Filohan'ity andrimpanjakana ity taorianan'ny didy navoakan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorena manongana ilay olona nitana izany toerana izany tsy ho solombavambahoaka intsony. Eo anatrehan'izany fahabangan-toerana izany, raikitra sahady ny ady eo amin'ireo mihevitra ny tokony hitantana vonjimaika ity andrimpanjakana ity. Dia asa moa raha kisendrasendra na efa fambara sahady amin'ny ho endriky ny fifaninanana atsy ho atsy fa velona ny ankisisika hahazoana ilay toerana. Ny fitsipika anatin'ity andrimpanjakana ity eo amin'ny andininy faha-17 milaza fa izay be taona ka zokiny indrindra amin'ireo filoha lefitra no tokony ho eo amin'ilay toerana. Misy anefa ny fiantsoana manampahefana momba ny fitandroana ny filaminana natao ka nampahafantarana ny fanapahankevitra amin'ny tsy hahazoana manao fivoriana sy famoriana olona ao amin'ny trano fisakafoanan'ity andrimpanjakana ity eny Tsimbazaza. Ny mahalasa eritreritra, iry voalohany solombavambahoaka avy amin'ny fanoherana, ity faharoa indray kosa solombavambahoaka avy amin'ny mpanohana ny fitondrana. Ao anatin'ny fotoana fandrotsahana ny antontan-taratasy filatsahan-kofidiana izany rehetra izany no miseho mialoha ny fahataperan'ny fe-potoam-piasan'ireo depiote ankehitriny. Tsy miandry ny fotoana hidinana an-kianja eo amin'ny fandresendahatra ny mpifidy sa fampisehoan-kery hisongonana sahady ny mpifaninana ? Ny tsy azo lavina aloha, toa efa raikitra sahady ny ady na dia ivelan'ny kianja sy ny fotoana hilalaovana aza !**

**Herivonjy RAJAONAH**

## Tsielatsiela

# **Madiva hifarana ny 100 andro voalohany nitantanan'ny Filoha Andry Rajoelina amin'ity fotoam-piasany faharoa ity.** Araka izany, milaza ny handefa ireo horonantsary mirakitra ny asa vitan'ny Minisitera tsirairay avy tao anatin'izay fotoana izay amin'ny haino aman-jery samihafa ny fitondram-panjakana.

# **Miroso ny dingana amin'ny fametrahana masoivoho malagasy any Rabat Maroc.** Nankatoavin'ny Filan-kevitry ny Minisitra omaly ny fanomezan-dalana ireo delegasiona manokana ho any an-toerana. Hijery ny toerana hatao foiben'ny masoivoho sy hanomboka ny dingana ara-panjakana sy ara-diplomatika no anton-dian'izy ireo amin'izany.

# **Mitohy hatrany ny fanendena governoram-paritra.** Noraisina nandritra ny Filankevitry ny Minisitra omaly ny didim-panjakana manendry an'Ing. Désiré Rakotomandimby, ho Governoran'ny Faritra Amoron'i Mania.

**Mamy R.**

Avaradrano - Fifidianana depiote

# Nanatitra ny taratasy filatsahan-kofidiny i Andriamosa Avotraina Mary

Namaky sehatra tamin'ny fametrahana antontantaratasy filatsahan-kofidiana ho an'ny fifidianana solombavambahoaka teto amin'ny faritra Analamanga ny ben'ny tanànan'ny kaominina Sabotsy Namehana Andriamosa Avotraina Mary Thomason. Raha tsiahivina, olon'ny antoko Tiako I Madagasikara nomen'ny vovonana Firaisankina tsodrano hitondra ny fanevan'izy ireo eny amin'ny Distrika Antananarivo Avaradrano amin'io hazakazaka ho eny Tsimbazaza io ny tenany. Araka izany, tafapetraka teny amin'ny OVEC Nanisana, omaly ny taratasy filatsahan-ko fidiany ho solombavambahoaka sy ny anaran'ireo mpiray lisitra aminy. Lisitra voalohany i Andriamosa Avotraina Mary Thomason, Ben'ny tanàna Kaominina Asabotsy Namehana, lisitra faharoa Randriantsoa Jimmy Eliasina, Ben'ny tanàna Kaominina Alasora, mpisolotoerana voalohany ny Pasteur Rivondrabevala Lazasoa, Ben'ny tanàna Kaominina Ambohidrabiby, mpisolo-toerana faharoa Raoeliarison Haja, Ben'ny tanàna Kaominina Anjeva gara. Taorian'ny nametrahany ny antontan-taratasy filatsahan-kofidiany dia naneho ny fisaorany ny filohan'ny antoko TIM Marc Ravalomanana sy Ing. Siteny Randrianasoloniaiko, izay samy filoha mpiara-mitantana ny vovonana Firaisankina nametraka ny fitokisana taminy ho kandidà solombavambahoaka eto amin'ny Distrika Antananarivo Avaradrano ny tenany. Nomarihany tamin'izany ihany koa fa tanjona amin'izao filatsahan-ko fidina izao ny ahazoana toerana roa eo anivon'ny Antenimierampirenena sy ny hampitambatra sy hamelomaso ny Firaisankina aty amin'ny Distrika Antananarivo Avaradrano.

**Mamy R.**



Kandidà depiote eny Avaradrano ny ben'ny tanànan'ny kaominina Sabotsy Namehana, Andriamosa Avotraina.

Fifidianana depiote

# Misantatra ny fanaterana dosie ireo kandidà avy amin'ny mpanohitra

*Mbola tsy misy mipoitra ny kandidà avy amin'ny fitondrana.*



OVEC Nanisana. (Tahirin-tsary)

Efa manomboka manatitra tsikelikely ny antontan-taratasy firotsahan-kofidiany eny anivon'ny OVEC, rafitra mpanamarina sy mpiandraikitra ny firotsahan-kofidiana, ireo kandidà ho solombavambahoaka eny amin'ny distrika misy azy avy. Raha ny tsikaritra hatramin'ny omaly, dia ireo kandidà avy amin'ny mpanohitra no misantatra izany na ny teto Antananarivo na ny any amin'ny faritra. Raha tsy hilaza afa-tsy ny teny Avaradrano sy ny tany Ikongo, izay samy nirotsaka amin'ny anaran'ny vovonana Firaisankina. Etsy an-kilany, mbola tsy hita tabilao hatreto ireo kandidà mirotsaka amin'ny antokon'ny fitondram-panjakana. Tsy mahagaga satria na ny anaran'ireo kandidà misalotra ny loko politikan'ny fitondrana aza mbola tsy nivoaka hatreto. Raha izao fizotran'ny toe-draharaha izao no jerena, dia any amin'ny ora farany mihitsy vao hirohotra handrotsaka ny antontan-taratasiny eny amin'ny OVEC ireo kandidà mitondra ny loko politikan'ny fitondrana. Raha toa ka ireo avy amin'ny mpanohitra sy ny tsy miankina no hialoha lalana.

**Depiote am-perinasa**

Mbola samy miandry valimpanandinana ireo kandidà mirosaka amin'ny antokon' ny fitondrana ary mety mbola mandeha aza ny adisisika. Sarotra ny fanapahankevitra ho an'ireo tomponandraikitra hamoaka ny anaran'ireo kandidà amin'izany. Etsy andaniny ireo depiote am-perinasa mbola mitondra ny lokon'ny fitondrana. Etsy an-kilany ireo milaza ho nanohana ny filoham-pirenena sy nametraka azy teo amin'ny fahefana taorian'ny fifidianana Filoham-pirenena farany teo. Ny famoahana ny anaran'ireo kandidà any amin'ny ora farany no mety hanarontsarona ny adisisika misy eo amin'ireo samy mpomba ny fitondrana.

**Niry R.**

Hazakazaka ho eny Tsimbazaza

# Nametraka ny dosie firotsahan-kofidiny any Ikongo i Brunelle Razafintsiandraofa

Talata gorobaka ! Notronin' ireo vahoakan'Ikongo mpanohana azy, tsy niandry ela fa ny talata 02 aprily teo no nandrotsahan'Atoa Brunelle Razafintsiandraofa ny antontan-taratasy firotsahan-kofidiany ho kandidà solombavambahoaka tany amin'ny (OVEC) Ikongo. Tamin'ny anaran'ny vovonana Firaisankina moa no nirotsahan'ity solombavambahoaka am-perinasa ity ho kandidà. Raha tsiahivina dia efa isan'ireo nametraka ny antontan-taratasy firotsahan-kofidiana ho kandidà Filoham-pirenena tamin'ny anaran'ny "Antoko Politika Madio" (APM) Ing Brunelle Razafitsiandraofa tamin'ny fifidianana filoham-pirenena farany teo. Niara-nanohitra ny fanatanterahana izany fifidianana izany niaraka tamin'ireo « kandidà 11 » indray avy eo. Ary izao mirotsaka amin'ny anaran'ny vovonana Firaisankina izao indray. Nanana andraikitra goavana teny tsimbazaza ihany koa ny lehilahy amin'ny maha filoha lefitry ny Antenimierampirenenan'ny Faritany Fianarantsoa azy.

**Niry R.**




Nandritra ny fanateran'Atoa Brunelle Razafintsiandraofa ny antontan-taratasy tany amin'ny OVEC Ikongo, ny talata teo.

Fampandrosoana an'i Madagasikara

# Nifampidinika tamin'ny Praiminisitra ny Ambasadaoron'ny Repoblikan'i Chine

Tonga nitsidika tamim-pomba fifanajana voalohany ny Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta, Ntsay Christian, teny Mahazoarivo, ny Ambasadaoro vaovaon'ny Repoblika Entim-bahoakan'i Chine, monina sy miasa eto Madagasikara, SEM JI Ping, omaly. Araka ny fampitam-baovao avy eny Mahazoarivo, nifantohan'ny diniky ny roa tonta ny fanohizana sy fanamafisana orina hatrany ny fiaraha-miasa eo amin'i Madagasikara sy Chine. Tafiditra tamin'izany ny ireo fandaharan'asa anatanterahana ny Vina napetraky ny Filohan'ny Repoblika malagasy, « Initiative pour l'Emergence de Madagascar-IEM ». Araka ny loharanombaovao hatrany, noresahina sy nifampidinihana ihany koa ny fampirisihana ireo orinasa sinoa hampiasa vola eto amintsika ka handray anjara bebe kokoa amin'ny fampandrosoana an'i Madagasikara, indrindra eo amin'ny sehatry ny angovo, ny fotodrafitrasa momba ny làlana ary ny fambolena, mba samy hahazo tombony amin'izany ny firenena roa tonta. Nodinihina ihany koa ny sehatry ny fahasalamana ary ny fifandraisana iraisam-pirenena. Farany, tsy nohadinohin'io Ambasadaoro vaovaon'ny Repoblika Entim-bahoakan'i Chine, monina sy miasa eto Madagasikara io ny nankahery ny fitondram-panjakana sy ny vahoaka malagasy noho ny takaitra vokatry ny fandalovan'ny andro ratsy Gamane tamin'iny faritra avaratra iny.

**Mamy R.**



Nandritra ny fihaonana teo amin'ny Ambasadaoro vaovaon'ny Repoblika Entim-bahoakan'i Chine sy ny Praiminisitra, omaly.


## TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

***Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.***

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Banky Foiben'i Madagasikara

# Nitombo ny fangatahana findramam-bola

Miroborobo ny asa amandraharahan'ireo banky. Araka ny fanadihadiana nataon'ny Banky Foiben'i Madagasikara, dia nitombo ny fangatahana findramambola sy fanaovana findramam-bola tany amin'ireo banky tsotra tao anatin'ny telovolana fahefatra tamin'ny taon-dasa raha nampitahaina ny tamin'ny telovolana fahatelo tamin'io taona io ihany. Raha ny fanazavana dia matetika miakatra hatrany ny fangatahana sy fanaovana findramam-bola isaky ny miditra ao anatin'io fe-potoana io. Rehefa manakaiky ny fetin'ny faran'ny taona dia mitombo ny fandanian'ny isan-tokatrano, ka mampitombo ny famokarany koa ireo mpandraharaha. Any amin'ny findramam-bola ny vahaolana farany rehefa tsy maharaka intsony ny tetibola na ho an'ny fandaniana izany na ho an'ny famokarana. Samy nanamafy avokoa ny ankamaroan'ireo banky tsotra eto amintsika nanaovana ity fanadihadiana fa niakatra ny tombombarotra azon'izy ireo tao anatin'io fe-potoana io. Mbola misy anefa ireo olana nambaran'ireo banky fa manakantsakana ny fivelaran'izy ireo, dia ny tsy fahazoana antoka ny fivoaran'ny toe-draharaha sôsialy sy pôlitika eto amin'ny firenena, ny mety ho fivoaran'ny toekarena ao anatin'ny fohy ezaka, ary ny lafiny araketra.

**R. Muray**

Noho ny rivodoza Gamane

# Nanambara ny fahavoazam-pirenena ny Fanjakana Malagasy

Taorian'ny fandalovan'ny rivodoza Gamane tany amin'iny ilany Avaratry ny Nosy iny dia nanambara ny fahavoazam-pirenena (sinister national) ny Fanjakana Malagasy. Nandritra ny Filankevitry ny Minisitra notarihin'ny Filoha Andry Rajoelina teny lavoloha omaly no nanambarana izany. Araka ny fanazavana, atao ny fanambarana ny fahavoazam-pirenena rehefa mahatratra 25.000 ny traboina, kanefa ankehitriny dia efa maherin'ny 50 000 ny isan'ireo traboina vokatry ny fandalovan'iny rivodoza iny. Tsy vitan'izay fa maro be ireo fotodrafitrasam-panjakana simba, toy ny làlana, ny tetezana sy ny tranompanjakana sisan-karazany ary an-jatony hektara maro ihany koa ny tanimbary tototry ny rano. Voamarika tao amin'ny tatitry ny Filankevitry ny Minisitra fa aorian'ity fanambarana ny fahavoazam-pirenena ity dia misokatra ny fandraisana ireo fanampiana avy amin'ny firenena samihafa avy any ivelany, izay efa naneho ny fahavononany hanome tanana an'I Madagasikara ao anatin'izao voina mahazo ny mpiray tanindrazana any avaratry ny Nosy izao.

**Mamy R.**

Fifidianana depiote

# Kandidà tsy miankina iharan'ny antsojay, atao izay tsy hahafeno ny dosieny

Iharana antsonjay sy sotasota, atao izay tsy hahafeno ny dosien'ireo Kandidà hirotsaka amin'ny tsy miankina amin'ny Distrika maro manerana ny Nosy amin'izao fotoana izao. *"Rehefa nanao fandihadiana izahay dia ireo Kandidàm-panjakana na mety ireo Solombavambahoaka mbola am-perinasa no ao ambadik'izao zavamisy izao. Ny antony manomboka any amin'ny fokontany no tsy manome taratasy fanamarinam-ponenana, ny legalisation eny amin'ny kaominina, ny fahazoana certificat de nationalité eny amin'ny Fitsarana dia lasa misy antsonjay sy sotasota atao aminay Kandidà tsy miankina"*, hoy ny Solontenan'ny Kandidà tsy miankina any amin'ny Faritra Boeny taminay omaly. Raha ny fanampim-baovao azonay dia nilaza ireo tomponandraikitra amin'ireo birao hahazoana an'ireo antontan-taratasy filatsahan-kofidiana ireo fa raha Kandidàm-panjakana dia tsy misy olona ny hanomezana ny taratasy rehetra. *" Ny baraingo mipetraka dia hoe : ny fanjakana ve no manao tsindry ? Sa ny Solombavambahoaka amperinasa no nanao kolikoly nialoha ka tsy hisy Kandidà ho afaka hirotsaka hifaninana aminy. Manomboka mirefarefa ny fanaovana politika eto Madagasikara ary mihemotra ny Demokrasia eto amintsika"*, hoy kosa ny Kandidà ho Solombavambahoaka tsy miankina iray hafa. *"Azo ambara izao zava-misy izao fa : eo ny tahotry ny fanjakana sao tsy hahazo ny maro an'isa ka apetraka ny sakana maro isan-karazany. Na misy tomponandraikitra ambony eto amin'ny firenena no manao tsindry avy any ambony hatrany amin'ny fokontany ka mampihisatra ny fikarakaranay taratasy eny ifotony"*, hoy hatrany ilay Kandidà nitafa taminay teny amboalohan'ny lahatsoratra.

Miverina amin'ny laoniny

Raha ny fampitam-baovao azonay tamin'ireo Kandidà ho Solombavambahoaka avy any Antalaha sy ireo distrika sasantsasany any avaratry ny Nosy nandalovan'ny rivodoza Gamane dia *" izao vao manomboka miverina amin'ny laoniny tsikelikely ny fiainana andavanandron'ny olona. Omaly alarobia vao niverina ny herinaratra aty aminay ary hiezaka ny hamita an'ireo dosie firotsahan-kofidiana indray manomboka izao"*, hoy ny Solontenan'ireo Kandidà ho Solombavambahoaka any avaratry ny Nosy taminay. Fantatra fa tsy nisy biraompanjakana, lapan'ny Fitsarana afaka nisokatra, ary fiadidian'ny tanàna afaka niasa nandritra ny efatra andro tamin'ireo distrika maro nandalovan'ny rivodoza Gamane ny herinandro lasa teo. Etsy ankilany dia manahy ny amin'ny tsy fahampian'ny fotoana ahafahana mameno n'y antontantaratasy fitotsahan-kofidiana ireo ho Kandidà hiatrika ny fifidianana Solombavambahoaka any avaratry ny Nosy. nosy.

**HAR**

Fikambanana TAMa

# Mangataka ny fampiharana ilay lalàna momba ny fanolanana



Tonga nanatitra ny fanampiana teny faravohitra ny TAMa.

Mirongatra ny fanolanana hatramin'ny fiatombohan'ity taona ity. *« Tsy azo ekena rehefa fantatra fa nahavita fanolanana tokoa ilay olona. Mangataka izahay ny hampiharana avy hatrany ny lalàna, satria raha tsy misy voasazy sy tsy misy ohatra amin'ny fampiharana azy dia tsy hijanona mihitsy ity tranga ity. Tao anatin'ny telovolana voalohany tamin'ity taona ity, dia efa maherin'ny 150 ireo tranga fanolanana ankizivavikely. Tsy azo ekena izany, indrindra amin'ny maha Malagasy, ka eo indrindra no angatahana amin'ireo mpitondra mahefa amin'ny fampiharana ny lalàna. »*, hoy Razafimandimby Rija Ethel Niaina, filohan'ny fikambanana TAMa (Tanora Actif An'i Madagasikara). Ho fanohanana ireo ankizivavy niharan'ny fanolanana dia tonga nanatitra fanampiana teny amin'ny Akany Avoko Faravohitra ity fikambanana ity omaly. Natolotra ny Akany tamin'io fotoana io ny karazana entana ilaina andavanandro toy ny vary, siramamy, voa maina, paty, menaka, savony, sira, « biscuits », ary kojakojam-pidiovana maro samihafa. Zaza 40 no raisin'ity Akany ity an-tanana, koa ny 80 isanjaton'ireo niharan'ny fanolanana avokoa.

**Miombon-kevitra**

*« Miombon-kevitra amin'ny fampiharana ny lalàna izahay. Lasa tsy mahatoky ny tenany intsony ireo ankizivavy niharan'ny fanolanana. Tsara raha mba misy ohatra hita maso atao amin'ireo nahavanon-doza, satria toa arakaraky ny nivoahan'io lalàna io no vao mainka nampirongatra ity tranga ity. Vao tamin'ny fiandohan'ity taona ity no nandray ankizivavy niharan'ny fanolanana izahay. Simba tanteraka ilay ankizivavy, indrindra fa ny sainy. Ankehitriny efa manomboka mahita fifaliana sy mivelatra amin'ireo namany io ankizivavy io taorian'ny fanarenana natao taminy. »*, hoy ny talen'ny Akany Avoko Faravohitra, Faraniaina Hery Fanomezantsoa. Nisaotra manokana ny amin'ny fanampiana ity tale ity, ary nambarany fa tena sarotra ny mitady ny sakafon' ireo ankizy isan'andro, ka hanamora ny fahafahan'izy ireo mividy fitaovam-paokarana ny fanamaivanana ny vesatra amin'ny sakafo toy izao.

**R. Muray**

## Samy...

**Mijaly....rano !**

Malaza izao ny rano na izany eto amin'ny renivohitr'i Madagasikara na izany any amin'ny tapany avaratra sy amin'iny ilany atsinanan'ny Nosy iny. Tsy mitovy anefa ny zava-misy, resaka isika samy isika ihany é, satria misy ny mijaly… rano ary misy ny …feno rano ! Niteraka hetsika an-dalambe ity voalohany raha ny tranga niseho tamin'ny faritra sasantsany teto Antananarivo Renivohitra tamin'ity herinandro. Mijaly rano noho ny fahatapahan'ny famatsiana rano ireo faritra ireo ny mponina hany ka nitondra ny hatezerany teny an-dalambe ! Asa moa izay fanazavana ny mahatonga ny fahatapahan'ny rano na olana ara-tekinika na noho ny fiovaovan'ny toetrandro niteraka andro maina ? Ilay rano sarobidy tadiavina aty an-tanan-dehibe indray kosa dia sady betsaka sy tafahoatra hany ka niteraka tondradrano sy nanimba tanimboly sy fotodrafitrasa tany amin'ireo faritra nahitana rotsak'orana be loatra ! Tsy mijaly rano fa dobo rano izay raha lazaina amin'ny teny hafa ampijalian'ny rano ! Hetraketraky ny natiora izao fifanoherana javatra momba ny rano izao eto amin'ny firenena izao ? Ny tsy azo lavina aloha, resaka isika samy isika ihany, sady mamelona no mamono ny rano ; sady mahafaly no mampijaly ihany koa ! Raha mba voafehy mantsy izy ka azo ampiasaina amin'ny hitiavana azy, angamba tsy mijaly rano intsony isika. Samy isika ihany é !

**HerivonjyRAJAONAH**

## ...isika

Rano tapaka

# Nidina an-dalambe ny olona

*Leo rano tapaka ny olona ary mandrahona ny mbola hitokona raha tsy misy vahaolana faran'izay haingana sy maharitra.*



**Vao maraina dia nanapaka arabe ny fokonolona leo tsy fisian'ny rano.**

Nanomboka ny talata lasa teo, naneho ny fahasorenany amin'ny fahatapahandrano lava reny ny mponin'Antananarivo. Fort Duchesne, Andraisoro, Ankatso, Antsahameva, Mausolée sy ny manodidina rehetra iny. Leo tsy misy rano ny vahoaka ka nidina andalambe nandoro kodiarana sy nibahana arabe. Teny Ankatso, vao maraina dia nobahanan'ny fokonolona ny arabe, tsy nisy na fiara iray aza navelan'ireo mpanakandalana andeha mba hanehoana ny fahorian'ireo vahoaka. « Efatra andro izay no nisy rano nandeha farany tety aminay. Isaky ny alina amin'ny 10 hatramin'ny 2 maraina izahay miandry fiverenan'ny rano, tsy matahotra mpamosavy sy mpangalatra intsony. Ny hatsiaka sy ny torimaso tsy misy efa tsy resahina intsony. Miantso fandraisan'andraikitra izahay fa tena mijaly. » hoy i Ravo, renim-pianakaviana iray. « Tsy haitraitra no mahatonga anay mitokona vao maraina fa tena efa mihatra aman'aina ny olana amin'ny tsy fahazoana rano. Voatery mividy 2 000Ar ny daba mavo izahay satria tena lavitra no ahitana rano. Misy milina lehibe izay ety hatramin'izay ka rehefa mandeha io dia mandeha daholo ny rano. Tsy mahatosika anefa ankehitriny tsy hay na misy fahasimbana na misy olana hafa izy io ka ny mponina rehetra ety amin'ny manodidina no tsy misitraka rano fisotro. » hoy indray i Olivier, raim-pianakaviana monina eny Andraisoro. Eny Ambohidempona kosa, efa tamin'ny volana aogositra no nisy rano nandeha farany. Eo anatrehan'izany rehetra izany, lasa eny Tsiadana no maka rano ny olona ary filaharambe daholo izay fantson-drano mandeha rehetra eo anatrehan'izany. Milaza ny mbola hiverina andalambe mantsy ireto mponina leon'ny tsy fisian-drano ireto raha tsy mbola misy ny vahaolana aroson'ny Jirama faran'izay haingana. Araka ny fanazavan'ny avy eo anivon'ny Jirama, paompy roa lehibe no mijanona ao Mandroseza amin'izao fotoana izao noho ny olana ara-teknika. Tsy ampy 1000m$^3$ isan'ora arak'izany ny vokatra rano amatsiana ny Mpanjifa eto Antananarivo sy ny manodidina. Vokany, fikorontanana na fahatapahan'ny famatsian-drano amin'ny faritra maromaro toa an'i Fort-Duchesne, Antsahameva, Andraisoro, Ampandrianomby, Faravohitra, Alasora, Manjakaray, Ankaraobato, Belambanana. Efa andalam-panarenana izany fahavoazana izany ny orinasa JIRAMA. Misy anefa ireo fitaovana tsy maintsy vidiana hahafahana manao ny fanarenana ka izany no antony mampaharitraritra ny asa. Na izany aza, ho vahaolana vonjimaika dia manao ny fitsinjarana rano amin'ny kamiao "citerne" aloha ny Jirama mba hahafahan'ny mpanjifa misitraka rano hatrany.

**Nath**

Longin Razandrindrainy

# Kandidà ho solombavambahoaka mahaleo tena ao amin'ny boriborintany faharoa



**Izy no Longin Razandrindrainy, kandidà ho Solombavambahoaka mahaleo tena ao amin'ny boriborintany faharoa.**

Nampahafantarina tamin'ny fomba ofisialy tetsy Tsiadana ny maha kandidà solombavambahoaka mirotsaka amin'ny anaran'ny tenany manokana na mahaleo tena an'i Longin Razandrindrainy. Ao amin'ny boriborintany faharoa no misy azy ary nanatrika tamin'izany fampahafantarana izany i Bodo izay nilaza fa manotrona amin'ny maha mpinamana azy ireo. Nahafantaran'ny maro an'i Longin Razandrindrainy hatramin'izay ny naha mpikambana azy ao amin'ny antoko TIM ary rehefa nanontaniana ny mikasika izay dia nilaza ireo mpiray lisitra amin'i kandida Team Longin fa: « *tsy hanohitra ny kandida sy ny rafitra misy ao amin'ny Antoko TIM sy ny plateforme iarahan'ny antoko izahay fa ny vahoaka na ny « base » no nangataka sy niantso azy rehefa mahita fa misy zavatra tokony hitondrana fiovana na arak'olona na amin'ny fahaiza-manao. Tsy misy olana na amin'ny firaisankina na amin'ny antoko izahay fa milamina tsara ary efa nisy ny fifampiresahana talohan'ny nanapahana hevitra. Mety azo eritreretina ihany koa anefa ny hoe ampizara vato fa tsy hanakorontana izany. Ny vahoaka no nisafidy ary tsy nisy teritery, tsy voavidim-bola mihitsy ihany koa anefa. Hatreto ihany koa tsy nisy fanampiana satria manana ny maha seriny azy ihany koa ny antoko ary izahay ihany koa tsy mbola nanao fangatahana. Izay kely eo ampelatanana no entina andrombahana izay seza roa ao amin'ny boriborintany faharoa. Efa nisy ihany koa ny fifampiresahana mpiray lisitra izay vonona hanohana azy hanatratra izany tanjona izany.* »

Tsy nisintaka tao amin'ny Antoko TIM izy rehetra ireo fa mbola ao anatiny tsara araka ny fanazavana. Maro ireo olona tonga nanatrika izany fotoana izany satria olon'ny fiarahamonina i Longin Razandrindrainy. Olon'ny fahitsiana sy fahamarinana izy ary efa mpilalao baolina kitra tany amin'ny taona 1980 ary nitazona ny vodilaharana afovoany. Mpikambana feno tao amin'ny TIM izy ary mbola vonona hanaraka ny fotokevitra hijoroan'ny ekipa Tiako i Madagasikara. Efa mpanolotsaina tamin'ny fotoana naha ben'ny tanàna an'i Lalao Ravalomanana i Longin. Raha tsy misy ny sakana, amin'ny alatsinainy izao no andeha hanatitra ny antontan-taratasy rehetra izy ireo. Tsy seza no ilaina fa fotokevitra mampandroso ny politika sy ny vahoaka eny ifotony.

**Nath**

Antsirabe

# 90 isanjato ny vokatra Star no lany

Araka ny fanazavan'i Jeanine, iray amin'ireo mpanjinjara ny vokatra Star nandritra ny 15 taona ary anisan'ny mivarotra rehefa Star Tour, tratra ny tanjona napetrak'izy ireo. Ny 90 isanjaton'ny vokatra Star lany avokoa ary ny andro farany efa nanomboka nampiditra indray izy ireo. Nisy ihany ny orana izay nanimba zavatra fa talohan'izay narisika ny olona nividy. Marobe ihany koa ny fanentanana sy « animation » marobe natao nandritra iny 3 andro iny, eny na dia somary nisy fiakarana aza ny vidin'ny vokatra. Ho an-dRabenandrasana France kosa, voahenjika ny quotas nomen'ny Star azy ireo. Nahafapo ny tsena ary ny THB no tena nandeha. Teo ihany koa anefa ireo vokatra vaovao azo nandramana. Ny 80 isanjaton'ny entana lafo avokoa. Marihina fa maherin'ny 100 ireo mpivarotra teo amin'ny Gara ka ny ankamaroan'izy ireo nivarotra vokatra Star avokoa na hanimasaka.

Ny talata vao maraim-be, niditra avy hatrany tamin'ny fanadiovana ny toerana niasany ny Star. Niaraka tamin'ny kaominina Antsirabe izy ireo nanatanteraka izany saingy amin'ny maha lehibe ny toerana mila diovina dia lavalava kokoa ny asa. Tsiahivina fa mifanome fotoana eto Antananarivo indray amin'ny volana jona ny Star Tour miaraka amin'ny fanentanana sy fampisehoana ary zavatra miavaka maro isan-karazany.

**Nath**



**Nifanitsa-kitro ny vahoaka tany Antsirabe nandritra ny paska teo.**

Sekolin'Ambodimanga

# Nahazo fotodrafitrasa vaovao

Ao amin'ny kaominina ambanivohitra Ranomafana, distrikan'i Brickaville, no misy ny sekolin'Ambodimanga. Nahazo fotodrafitrasa vaovao ity sekoly ity noho ny fanohanana arabola avy amin'ny tetikasa Ambatovy. Tamin'ny 15 marsa lasa teo no nanaovana ny lanonam-pitokanana ireo trano roa vaovao. Mirefy 105 m$^2$ ny trano voalaohany, izay ahitana efitrano fianarana roa. Ny trano faharoa kosa dia natokana hampiasain'ny mpitantanana ny sekoly. Nohamafisina tao anatin'ity fiaraha-miasa ity koa ny fahadiovan'ny sekoly tamin'ny alalan'ny fananganana toeram-pidiovana tao anatin'ny faritry ny sekoly ihany. Marihina fa avy amin'ny hetahetan'ireo mponina manodidina no nahafahan'Ambatovy nanatanteraka ity tetikasa ity mba hoentina mampiroborobo ny fampianarana ho an'ny rehetra. Mandray anjara amin'ny fanohanana ny fanabeazana rahateo Ambatovy amin'ny alalan'ny fandaharanasa sôsialy ataony eo anivon'ny vondrom-piarahamonina. Mandalo fotoan-tsarotra Ambatovy ankehitriny noho ny fitotonganan'ny vidin'ny Nikela eo amin'ny tsenan'ny vy iraisam-pirenena, saingy manamafy hatrany ny fanohanany ny vondrom-piarahamonina mandray azy sy Madagasikara.

**R. Muray**



## TSIPAKA

Raha ny vaovao miparitaka amin'ny tambajotran-tserasera sy tamin'ny herinandro ambony, nisian'ny « Fenêtre FIFA » teto amintsika, dia anio no voalaza fa higadona eto an-drenivohitra ny iraky ny Federasionina Iraisampirenena amin'ny Baolina Kitra (FIFA), hijery ifotony ny kianjaben'i Mahamasina, izay efa nanomezany toro-marika ny amin'ny tokony hanatsarana azy ka ahazoana mandray fihaonana iraisampirenena.

### Vilian-tsahona !

Aorian'ny fitiliana ataony, dia mazava ho azy araka izany fa tsy maintsy ho fantatra amin'izany ny fankatoavana avy amin'ny FIFA na tsia amin'ny ahazoan'ny kianjaben'i Mahamasina, mampiantrano lalao iraisampirenena, toy ny lalao fifanintsanana amin'ny CAN karakarain'ny « *Confédération Africaine de Football* » sy ny MONDIAL 2026, izay handraisantsika amin'ny volana jona 2024 ny « Coelacanthes » kômôriana sy ny Voromahery maliana. Soritana tokoa mantsy fa mila havaozina isaky ny 2 taona ny fankatoavana, vao afaka mandray ny lalao karakarain'ny CAF sy ny FIFA ny kianja filalaovana baolina kitra. Anisan'ny laharam-pahamehana amin'izany ny fanatsarana ny bozaka, ary ny pitsopitsony ao anatin'ilay fotodrafitrasa, toy ny vavahady fidirana ao anatiny. Eo am-piandrasana ny fanambarana havoakan'ny FIFA, mba tsy anehoana hoe « didimpitsarana », dia miahiahy fatratra ny mpankafy sy ny mpanaraka ary ny mpikatroka amin'ny baolina kitra, raha sanatriavin'ny vava ladinin'ny lela ka tsy mahazo fankatoavana amin'ny handraisana lalao iraisampirenena ny kianjaben'i Mahamasina fa any amin'ny firenen-kafa no hanaovana ny lalao fifanintsanana. Ny hamisavisana ny ratsy, hono, hiavian'ny soa ê ! Iza no mahazo tombony raha ny firenena tokony handray ny lalao no tsy mahazo mampiantrano ny fifaninanana. Isorohana ny tsy hiverenan'ny trangan-javatra tahaka izao intsony amin'ny manaraka, dia rariny sy hitsiny raha miantso tekinisianina avy amin'ny FIFA, miaramanantanteraka an'ireny fotodrafitrasa ireny. Raha ny kiana mahazo an'ireo kianja maro ambara fa manarapenitra, dia ahiana ho fanaovana fanazarantena ihany izy ireny fa tsy afaka mandray lalao iraisampirenena. Lasa malaza tsy hihinana toy ny vilian-tsahona!

**aris rafaly**

# TSARA HO FANTATRA - UEFA / EURO 2024

*Ankoatra ny fiadiana ny tompondaka eran-tany amin'ny baolina kitra na ny MONDIAL, dia azo lazaina fa ny fiadiana ny tompondakan' i Eorôpa na ny UEFA EURO no betsaka mpijery sy mpanaraka indrindra ihany koa maneran-tany. Efa tsindrian-daona be ihany ny mpikitra Malagasy, hanaraka ny andiany faha-17 any Allemagne amin'ny zoma 14 jona 2024 ka hatramin'ny alahady 14 jolay 2024, toy ny nanarahana ny CAN 2024 andiany faha-34 notanterahina tany Côte d'Ivoire tamin'ny fiandohan'ity taona ity (sabotsy 13 janoary 2024 - alahady 11 febroary 2024). Tsy ambaka amin'izany koa ny fanarahana ny COPA AMERICA, izay hatao any Etazonia amin'ny alakamisy 20 jona 2024 ka hatramin'ny talata 16 jolay 2024, ahitana ny mpifaninana amin'ny CONMEBOL sy ny CONCACAF, ahitana ekipa folo mandray anjara amin'ny fifaninanana. Ampahafantarina anio aloha dia ny EURO 2024…*

## Tsara toerana amin'ny fandrombahana ny amboara EURO ny "Mannschaft"

Ekipa 24 no handray anjara amin'ny fiadiana ny EURO 2024 any Allemagne, izay notsinjaraina ao anatin'ny vondrona 6, ahitana ekipa 4 avy. Ao anatin'ny Vondrona A no misy an'i Allemagne – Ecosse – Hongrie – Suisse ; Vondrona B : Espagne – Croatie – Italia, tompondaka farany tamin'ny 2020 rehefa nandavo an'i Angletera teo amin'ny lalao famaranana tamin'ny fandakana « tirs au but » - Albanie ; Vondrona C : Slovénie – Danemark – Serbie – Angletera ; Vondrona D : Pologne – Pays Bas (Hollande) – Autriche – France ; Vondrona E : Belgique – Slovaquie – Roumanie – Ukraine ; Vondrona F : Turquie – Georgie – Portugal – Tchéquie. Firenena tsy mandray anjara amin'ity EURO ity i Russie, noho ny fanapahan-kevitra noraisin'ny mpitantana ny "Union Européenne de Football Association" nampihato azy amin'ny fifaninanana karakarainy. Kianja 10 no handraisana ny lalao ka sambany i Leipzig tao anatin' ny alemàna tatsinanana fahiny no tafiditra ao anatin' izany. Tahaka izao ny momba an'ireo kianja ilalaovana (Olympiastadion) sy ny isan'ny mpijery tafiditra ao anatiny : - Berlin (afaka mandray mpijery 70.000) – Cologne (43.000) – Dortmund (62.000) – Dusseldorf (47.000) – Francfort (50.000) – Gelsenkirchen (49.000) – Hambourg (40.000) – Leipzig (40.000) – Munich



**Ho sarotra ny hanampim-bava ny Rainiboto !**

(66.000) – Stuttgart (51.000). Fony mbola tsy nitambatra i Allemagne (tandrefana) dia norombahany indroa ny anarana maha tompondakan'i Eraopa azy, dia tamin'ny taona 1972 sy 1980. Rehefa nitambatra ny firenena roa tonta (tandrefana – tatsinanana) dia niverina teo am-pelan-tanany ny amboara tamin'ny EURO 1996. Marihina fa nanomboka tamin'ny taona 1972 i Allemagne dia tsy nitsahatra ny nandray anjara tamin'ny EURO. Araka izany dia efa nahatratra 14 ny fifaninanana natrehiny. Hisantatra ny lalao amin'ny zoma 14 jona 2024 ny mpampiantrano sy ny ekosey. Anisan'ny ekipa arahi-maso akaiky no sady atahoran'ny mpandray anjara mafy ny "Mannschaft". Nisy fiovana ny fomba filalaony, mihevitra ny tsy hamoaka ny amboara ao anjaridainany ny "Rainiboto" amin'izao fanintelony handraisany ny fifaninanana izao. Raha nalaza tamin'ny fampilalaovana ny goaika antitra i Allemagne, dia niova famindra ka nampiakatra ankianja ny zaza tanorany, izay manan-talenta ny ankamaroany.

## Iza no handimby an'i Italia

Raha ny zava-bitan'ny « Squadra Azzurra » tato ho ato teo amin'ny sehatry ny baolina kitra eraopeanina no tombanana, dia mbola sarotra ny handresy mora foana ny mpilalaon'i Luciano Spalletti, izay tarihin'ilay kapiteniny Gianluigi Donnarumma mpiandry tsatoby. Ambaran'ny mpandinika baolina kitra fa mbola manana herijika amin'ny hitazonana ny amboara eo am-pelan-tanany ny italianina, izay efa nahazo ny EURO indroa (1968 – 2020).



**Toa mbola tsy hanaiky lembenana ny Squadra Azzura.**

Voaveriny ny valim-panafihana haingana, nampahalaza azy ka nandrombahany ny amboara eran-tany inefatra tamin'ny taona 1934 – 1938 – 1982 – 2006. Manginy fotsiny ny nandraisany anjara in-11 tamin'ny EURO, ary in-18 tamin'ny Mondial. Ampatsiahivina fa tamin'ny lalao olympika dia azony ny medaly volamena tamin'ny taona 1936. Fahatelo kosa ny laharana nisy azy tamin' ny fiadiana ny "Coupe des Conféd2rations 2013".

**aris rafaly**

Kitra eto an-toerana

## Nanangana kianja hilalaovan'ny olona 5 i Ando " Pro "

Mitombo hatrany ny toerampilalaovana baolina kitra amin'ny kianja syntetika, izay ilalaovan'ny olona dimy baolina kitra, eto Antananarivo Renivohitra sy ny manodidina azy. Tapa-kevitra ihany koa i Ando Manoelantsoa "Pro" ka nanangana ny "Terrain Synthétique Fitahiana" eny Talata Volonondry. Araka ny fandaharam-potoana dia ho sokafana amin'ny fomba ofisialy amin'ny tontolo andron'ny alahady 07 aprily 2024 izao ity toeram-pilalaovana ity. Lalao fihantsiana " Match de Défi " avy hatrany no hanasany ny ekipa mpankafy baolina kitra amin'io lanonana io, ka ny fisoratana anarana dia efa misokatra amin'ny fandefasana hafatra miafina. Hisy ny loka hatolotra ho an'ny mpandresy dia amboara sy lelavola ho an'ny mpandresy. Nomarihan'i Ando "Pro" fa ny fifaninanana dia tsy natao ho an'ny mpilalao mandray anjara amin'ny fifaninanana Pro Ligue na ny PFL amin' izao fotoana izao " Foot à 5 Sans Pro Ligue ". Hisy ny fitsipika ifehezana ny fifaninanana. Ao anatin'ny ekipa anankiray dia tsy ahitana afa-tsy mpilalao fito ihany. Ahitana kazaran-tsakafo amidy eny an-toerana.

**a.r**




**Ilaina ny kianja maro toy itony !**

# PASI PASI

Ralainasolo

## Kalaza tamin'ny atletisma fa ny tsipy kanetibe no nampisongadina ny zanany vavy

*Samy sportifa avokoa izy mianakavy, saingy niavaka ny zanany vavimatoa izay nanao basketball sy baolina kitra ary atletisma hatramin'ny fahazazany saingy nivadika sy nifantoka tamin'ny taranja Tsipy kanetibe taty aoriana. Ity fianakaviana ity no hampahafantarina eto amin'ny PASI-PASI anio.*

**Gazetiko :** Anaranao feno
**Ralainasolo :** Ralainasolo
**Gazetiko :** Firy taona dia mbola manao spaoro ve dia inona ilay spaoro atao ?
**Ralainasolo :** 77 taona. Mbola manao basket sy volley ary ny jogging isa-maraina.
**Gazetiko :** Nanomboka firy taona no nanao spaoro ?
**Ralainasolo :** 16 taona no nanomboka nanao spaoro, atletisma ary avy hatrany dia voahosotra ho tompon-dakam-paritra tamin'izany. 9 taona no nilona tao anatin'ny taranja atletisma.
**Gazetiko :** Firy ny zanakao, iza avy dia manao spaoro daholo ve ?
**Ralainasolo :** 5 miandahy ny zanako ary sportifa daholo.
**Gazetiko :** Noterena sa efa tao anatin'ny ràn'ny zanakao ny spaoro ?
**Ralainasolo :** Nanaranaka ny spaoro tao anatin'ny fianakaviako ary na ireo zafikely aza efa hofanina sahady hankafia ny fanatanjahantena.
**Gazetiko :** Efa nisy voaantso handrafitra ny ekipam-pirenena ve ny zanakao ?
**Ralainasolo :** Eny, ny zanako vavimatoa, Ralaimbelonirina Anja efa voaantso tao anatin' ny ekipam-pirenena ho an'ny Tsipy kanetibe ary efa nisolotena an'i Madagasikara tamin'ny fiadiana ny tompondaka eran-tany tany Espana ny taona 2021. Izy ihany koa no nanangana ny klioba " Avenir Pétanque Club Toamasina" APCT. Amin'izao fotoana izao dia filohan'ny ligin'Atsinanana amin'ny Tsipy kanetibe ihany koa izy.
**Gazetiko :** Ahoana izany hoe miaraka manao fantanjahantena ny fianakaviana izany ?
**Ralainasolo :** Mahasoa no mahafinaritra satria día fitaizam-batana sy fanabezana ary firaisankina ho anay mianakavy ny spaoro, indrindra ny spaoro iraisana toy ny basketball sy volleyball ho anay mianakavy.
**Gazetiko :** Inona no fialambolinareo mianakavy ?
**Ralainasolo :** Fiarahana manao fanatanjahantena aloha sy ny fiarahana manao vacance.
**Gazetiko :** Fanentanana ataonareo ho an'ny fianakaviana mba hanao spaoro.
**Ralainasolo :** Manentana ireo fianakavina mba hanao spaoro, hitaiza vatana fa mahasalama no mahasoa ary mandamina ny rarintsaina... Ny fanatanjahantena día tsy voatery hoe tsy maintsy manao ezaka be fa misy ny spaoro sahaza ny olon-drehetra na ho an'ireo marefo aza. Mirary soa ho antsika fianakaviana mpakafia sy mpikatroka spaoro rehetra.



Anatin'ny ràn'zy mianaka ireto ny fanaovana fanatanjahantena.

**Rabenaivo**

Badminton - " Open MB2ALL "

## Nanjakan'ny mpikarakara ny fifaninanana

Anaram-boninahitra 4 tamin' ireo 6 niadivana no lasan'ny klioban'ny MB2ALL, ny faran'ny herinandro teo tetsy amin'ny kianja mitafon'ny ANS Ampefiloha, ho an'ny taranja Badminton. Mpilalao 50 avy amin'ny klioba 7 no namaly ny antson'ny mpikarakara tamin'ity andiany voalohan'ny « Open MB2ALL ». Ankoatra ny teo amin'ny « série C » Senior lehilahy, izay lasan'i Andrianantenaina Anthonio avy ao amin'ny klioban'ny LCSMI sy ny « série B » Senior vehivavy, azon-dRasolomaromihaja Tahirivola avy amin'ny DDBC dia norombahan'ny mpilalao avy amin'ny MB2ALL ny anaram-boninahitra ambiny, toy ny teo amin'ny latsaky ny 17taona lehilahy, izay lasan-dRazakasoavina Irina. Ny « Serie B » lehilahy, izay lasan-dRazakasoavina Lalamahefa ary ny « serie A » vehivavy, norombahan'i Soaniaina Tombotsoako sy ny « serieA » lehilahy, izay lasan-dRazafimandimby Tokinirina. Nambaran'ny filohan'ny klioba, Dr Rakotomalala Jean Claude fa ny tsy fahampian'ny lalao sy fifaninanana eto amintsika no nahatonga ny fikarakarana izao hetsika izao, izay ireo mpilalao mihitsy no nahatsapa izany, hoy ny tenany. Nampiavaka ity fifaninanana ity ny teo amin'ny lafin'ny fikarakarana, izay ireo mpilalao anatin'ny klioban'ny MB2ALL no nanatontosa izany. Tafiditra indrindra amin'ny teny filamatra ny klioba rahateo izany fampandraisana andraikitra ny ankizy mpilalao izany.

**Rabenaivo**



Mbola nampisehoan'ireto mpilalao ireto fa sangany ny kliobany eto Madagasikara.

Rugby - Rosa club de l'Imerina/65 taona

## Natomboka tamin'ny fanadiovana tanàna ny fankalazana



Navitrika tamin'ny fanadiovana tanàna ireo mpilalaon'ny Rosa Club.

Mankalaza ny faha-65 nitsanganany amin'izao fotoana izao ny Rosa Club de l'Imerina, eo amin'ny taranja Rugby. Nanamarihana ity taon-jobily ity, nisy ny hetsika fanadiovana tanàna sy ireo lakan-drano tetsy amin'ny fokontany Antohomadinika IIIG Hangar ny asabotsy lasa teo. Ireo mpilalao tranainy no nitarika ireo mpilalao tanora amin'izao fotoana izao niaraka tamin'ireo mpilalao vehivavy. Nanotrona azy ireto teny an-toerana ny filohan'ny klioba, Andriambololomanana Sedinirina, izay nanambara fa fanehoana fahavononan'ny klioba amin'ny fanadiovana ny tanàna izao ary mamaly ny antso nataon'ny PDS ny CUA amin'ny hoe : mila madio ny tanàna. Mangataka fiaraha-miasa amin'ity tomponandraikitra ny Kominina ity izy ireto. Tamin'ity fotoana ity koa no nampahafantarana tamin'ny fomba ofisialy fa efa mijoro aradalana ny fikambanan'ireo mpilalao tranainy ny Rosa Club. Ny spaoro sy ny sosialy no sehatra sahaniny. Izy ireo no nitarika ireto tanora ireto nandritra iny hetsika fanadiovana tamin'ny faran'ny herinandro teo iny, izay fanehoana sahady, hoy ireo mpikambana ny fisian'izany fikambanan'ny mpillao tranainy izany. Tsiahivina, anisan'ny nanamarika ity klioba ity ny niakarany teo amin'ny diviziona voalohany, izay ny klioban'ny TAM Anosibe no nifandona taminy. Efa nandrombka ny amboaran'ny fahaleovantena kosa izy tamin'izany ary nihazona hatrany ny anaram-boninahitra tamin' ilay « Tournoi Sodeam ». Amin'izao indray vao tafaverina ao anatin'ny « 1er division fédéral 2 » izy ireo.

**Rabenaivo**

## Sarisary zary tenany

Tafa




## Hatsikana an-tsary

Fehinkibo




## Masoandro miposaka

### MATIO 4 : 17


**Ary tamin'izany andro izany dia nanomboka nitori-teny Jesosy ka nanao hoe: Mibebaha ianareo, fa efa akaiky ny fanjakan'ny lanitra.**

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




## Ohabolana



**Ny ditra mahafaty, ary ny kiry mahavery.**

L'entêtement conduit à la mort, et l'opiniâtreté à l'esclavage.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **3212**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 9 | | 5 | | | | | 4 | |
| | | | | 1 | | | 5 | |
| | 7 | 4 | | 2 | | | | |
| | | | | 6 | 1 | | | |
| 6 | | | | | 5 | 7 | | |
| 8 | 4 | | 3 | 9 | | | | |
| | | | | | | | | |
| | 1 | | | | 2 | 4 | | 5 |
| 7 | | | 8 | | | 3 | 9 | |

Valin'ny laharana **3211**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 3 | 9 | 5 | 7 | 6 | 8 | 1 | 2 | 4 |
| 8 | 1 | 2 | 5 | 4 | 3 | 7 | 9 | 6 |
| 4 | 7 | 6 | 9 | 2 | 1 | 8 | 3 | 5 |
| 6 | 5 | 3 | 2 | 8 | 4 | 9 | 7 | 1 |
| 1 | 2 | 7 | 3 | 5 | 9 | 6 | 4 | 8 |
| 9 | 8 | 4 | 1 | 7 | 6 | 3 | 5 | 2 |
| 2 | 3 | 9 | 8 | 1 | 5 | 4 | 6 | 7 |
| 7 | 4 | 8 | 6 | 9 | 2 | 5 | 1 | 3 |
| 5 | 6 | 1 | 4 | 3 | 7 | 2 | 8 | 9 |

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Aza mihevi-tena ho irery lava izao. Ny fitiavan'ny Tompo dia manjohy anao hatrany, mambomba anao lalandava."

Ny Vetso (20/09/16)

("God's loving care is all around you.")

Fampirantiana Memoria

# Sanganasan'ireo Andriambavilanitra 22 no aseho etsy Analakely



**Ireo andriambavilanitra tompon'ny sanganasa amin'ity fampirantiana Memoria ity.**

Manomboka anio etsy amin'ny Fondation H Analakely, ilay fampirantiana Memoria. Mpanakanto vehivavy miisa 22 avy amin'ny firenena 15 aty Afrika sy ireo diasporas no nasain'ireo mpandrindra ny hetsika, Nadine Hounkpatin sy Céline Seror. Anisan'ny nifantenana azy ireto ny fiavahan'ny asa kantony amin'ny finiavana hihoatra ny fetran'ny kanto, hanambatra ireo avy any an-kafa ary haneho ny fahasamihafan'ny tantaran'ny tsirairay, izay hitambarana ihany anefa raha zohina. Ny fampirantiana Memoria dia fitantarana marolafy ny tantara, maneho ireo tadidy iraisana izay hifangaroan'ny tantara, fanontaniana sy traikefa miparitaka any anatin'ny tadidintsika tsirairay avy, manokana, lalina any. Ny fimaroan'ny haitao, toy ny fananganana heba, hosodoko, sary pika, sikotra, horonantsary sy ny lamba izay hita miranty etsy Analakely dia mampiseho ny kanto sy porofon'ny finiavana hiantraika sy hanova ao amin'ireo andriambavilanitra mpankanto . Tsiahivina, tamin'ny taona 2021 tany Bordeaux Frantsa no naseho voalohany ity fampirantiana ity, nandritra ny « saison Africa 2020 », nitohy tany Abidjan ny taona 2022 ary tatsy Yaounde » Kamerona tamin'ny taona 2023 ary izao tonga eto Madagasikara izao. Mahakasika izay, mpanakanto maro no nasaina hanatanteraka fiantranoana famoronana mandritra ny fampirantiana, ka teratany Malagasy ny 5 raha avy amin'ny firenen-kafa ny 7. Fandaharam-potoana maro no nomanin'ny Fondation H mandritra ny 10 volana iantsonan'ity fampirantiana ity eto, izay hanome sehatra ny mpanakanto sy ny vahoaka Malagasy. Nanotrona ity lanonam-panokafana omaly ity i Hassanein Hiridjee, mpandraharaha nanorina ity toerana ity.

**Rabenaivo**


**Gazetiko**

Novokarina sy natontan'i MIDI MADAGASIKARA S.A.

Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola Ar 37 452 000

**Tale jeneraly :** Jeremy RABESAHALA

**Talen'ny Fanoratana :** Lucien RAHARISON 034 34 697 06

**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :** Herivonjy RAJAONAH 034 34 697 10

**Birao sy fandraharahana :** Lalana Ravoninahitriniarivo

**B.P.** 1414 - Antananarivo

**Tél :** 038 34 344 34

**Fax.** 22 273 51

e-mail : midigazetikom@gmail.com

**D.L.I :** 16 618 - 04 - 24

Isan'ny natonta : 25 000


## Nahandro

### Silamangany sy ananambo

Zavatra ilaina : silamangany, ananambo, angivy, voatabia, tongolobe, tongolo gasy, sakamalao.

Fikarakarana azy : Andrahoina halemy tsara ny silamangany. Rehefa malemy dia asiana voatabia sy tongolo ary tongolo gasy sy sakamalao voatoto. Rehefa voadio ny ananambo dia arotsaka ihany koa miaraka amin'ny angivy. Avela hiaraka hiketrika. Atao araka izay itiavana azy ny ranony. Rehefa hita fa masaka dia esorina amin' izay. Aroso miaraka amin'ny lasary voatabia na konkombra. Mazotoa homana!

## MANAMPY ANAO

**Permanences**

**30 mars au 05 avril 2024**

PHARMACIE DE GARDE

ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7

- 67HA - face Eglise Luthérienne - 020 22 253 61
- VOLAHANTA - Anosibe près du rond point vers Soanierana - 020 22 355 09/034 24 334 86
- NANISANA - Nanisana Iadiambola arret bus sapin 032 03 520 29/034 05 750 29
- AMBANIDIA - 020 22 255 50/033 05 255 50
- MAHAVOKY - Andravoahangy 020 22 255 51/ 034 89 056 09
- IARIVO - Analakely en face Institut d'hygiène sociale 020 22 224 26/020 22 699 19/034 16 326 06

PÉRIPHÉRIE d'ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7

Andoharanofotsy - 032 05 479 84 / 034 20 479 84
Grazia - Itaosy- 034 67 733 62
Anosizato - 020 22 631 43
Ambohibao - 020 22 482 64
Avaradrano - Analamahitsy- 020 22 423 65
Amboditsiry - 020 22 528 21 - 033 01 551 31 - 034 36 580 94
Soleil - Andrononobe - 034 20 356 51
Hasin'ny Aina - Mandroseza- 034 99 776 21
Ivato - 020 22 442 95
Ambohidratrimo - 034 29 358 45
Jade - près Horizon Ivato - 034 87 340 94
Sabotsy Namehana - 034 88 001 03
Amboara - Anosiala - 034 52 610 64
Ambohimahitsy - 034 33 304 17 / 034 95 882 30
Ambohimangakely - 034 25 372 52
Fenoarivo - Fenoarivo Alakamisy- 034 33 161 75
Fitiavana - Ankadikely - 020 22 436 33
Amoronakona By Pass - 034 36 115 15
Palais - Mandrimena Iavoloha - 032 42 713 67
Ankadindratombo - 032 82 588 02/034 02 588 02
By Pass Alasora - 032 12 525 25 / 034 98 525 25
Abondance - Ifarihy Ankaraobato - 034 75 214 36
S Namehana - Sabotsy Namehana - 034 81 689 47
Mitondrasoa - Fenoarivo - 034 01 707 07
Bongatsara - Bongatsara Iavoloha - 034 07 742 23
La Colombe - Itaosy - 034 60 396 61 / 033 64 280 42
Soa Ny Aina -Tsarahonenana - 034 31 018 20
MA Pharmacie - Ambohijanaka - 032 11 102 11
Ankaraobato en face CSBII - 034 64 330 62

A.M.I.T.

BEHORIRIKA TEL 22 303 83 / 22 383 52
ANTANIMENA TEL 22 303 86
TALATAMATY TEL 22 588 51
ANKADIMBAHOAKA TEL 24 819 81

AMBULANCE

- SERVICE DES URGENCES MPITSABO MIKAMBANA TEL: 0349023555 / 0334823555
- AMBULANCE MUNICIPALE TEL 22 200 40 / 033 65 333 22 / 033 65 444 22 / 033 65 555 22
- AMBULANCE POLYCLINIQUE D'ILAFY 24/24 TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73
- MEVA MEDICALE SERVICE TEL 033 11 195 33 / 032 04 922 69
- CDU (Centre de diagnostique et d'urgence médical) TEL 22 329 56/ 032 07 822 28/ 033 11 822 28
- AMBULANCE CLINIQUE DE TANJOMBATO TEL 033 11 313 85
- MATERNITE MARIES STOPES AVADOHA TEL 22 418 36 / 032 07 418 36 / 033 11 094 11
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL - 22 200 32 / 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60
- AMBULANCE ET URGENCE CRTM-01 - 034 01 015 55 / 032 07 255 52

## TELEVIZIONA

MA TV MADAGASCAR

06.00 : Oran'ny fanantenana
06.30 : Salama va
08.00 : Film Jeunesse
10.05 : Full sport ®
10.30 : Magazine
12.00 : Météo
12.05 : Série ®
12.30 : News du 12h30
12.45 : Ny Vaovao
13.30 : A votre santé
14.00 : Film Comédie
16.00 : JOURNAL INTERNATIONAL
16.50 : Full Sport
17.00 : Dessins animés
17.30 : Royal Chapel
18.00 : Mahandro ®
18.15 : Ny Vehivavy
19.00 : Les infos de Ma-TV
19.10 : Série
19.30 : NY VAOVAON'NY MA-TV
20.30 : Fandaharana manokana
21.00 : Film Comédie
23.00 : Journal international
00.00 : Film Dramatique
01.30 : Documentaire
03.00 : Film Frisson
04.30 : NY VAOVAON'NY MA-TV ®
05.00 : Série ®
05.30 : Kristy mandamina ®
06.00 : Oran'ny fanantenana

********************

K

06.00 : Musique
06.15 : So COOL
08.15 : Série
08.45 : Mozika
10.00 : Shopping TV
10.30 : Série
11.00 : Mozika
12.00 : Série
12.15 : Instafun ®
13.15 : Alalino ®
14.10 : Le Journal de l'Economie ®
14.25 : Kolo Ts'Art ®
14.55 : Passion d'Ados
15.10 : Mozika
16.50 : Smiling Time
17.20 : Instafun
18.00 : After
19.25 : Le Journal
20.00 : Ny Vaovao
20.50 : Cinéma
23.00 : Ny Vaovao ®
23.50 : Cinéma
02.00 : Bonne Nuit avec KOLO TV

***************

RECORD TV

05.30 : RÉVEIL DE LA FOI
06.00 : JOURNAL ®
06.30 : LA MATINALE
08.00 : DIVERTISSEMENT / DOC / DESSINS ANIMES / MAGAZINE
08.30 : TOI MON AMOUR ®
09.25 : MAGAZINE ET DESSINS ANIMES
10.30 : i-VAOVAO
12.30 : ASINTADO ®
13.10 : HIRANTSIKA
14.30 : TOI MON AMOUR
15.30 : MAGAZINE / DOCUMENTAIRE / DESSINS ANIMES / DOCUMENTAIRE / FILM
17.00 : DESTINATION MALAGASY
19.00 : LE JOURNAL DE LA RECORD
19.45 : ASINTADO
20.30 : ALEO RESAHANA ANAO NY SEHATRA
21.00 : PAROLE DE VIE
21.15 : FILM
22.00 : FILM
23.00 : FILM
00.30 : FRANCE 24

**************

VIVA

00.10 : Film
01.44 : Film
03.46 : Clips : Christian Music
04.08 : Clips : Misy Raha ®
04.38 : Journal : Viva Évènement VM ®
05.08 : Culte : Tsara taiza
05.49 : Clips : Christian Music
06.00 : viva Prod : Viva Réveil
07.30 : Série policière : Série Bones
08.13 : Série : Série Chuck
09.03 : Film
10.44 : Sport : Top Chrono ®
11.53 : Série k-drama : Série Crash Landing On You ®
13.18 : Clips : Misy Raha
13.48 : Série dramatique : Série Dynastie 2017 ® (-10)
14.33 : Film
16.50 : Série k-drama Série Crash Landing On You
18.00 : Série com-dram-fami : Dr Doogie.Kamealoha ®
18.30 : Magazine jeux vidéo : Game in
19.10 : Loterie : BET 261
19.30 : Journal : Viva Évènement VM
20.30 : Journal : Viva Évènement VF
20.50 : FAHASALAMANA HO AN4NY DAHOLO BE
21.05 : Film
23.05 : Film
00.50 : Viva Prod : Viva Évènement VM ®

## TELEFAONINA ILAINA

HOPITAUX ET CLINIQUES

- CLINIQUE MPITSABO MIKAMBANA 24/24 ROUTE DE L'UNIVERSITE AMPASANIMALO TEL: 034 90 235 55 / 033 48 235 55
- CLINIQUE REINE MARIE- 4 RUE JOSEPH RAMANANDRAIBE - IMMEUBLE RALISON -ANTANIMENA - OUVERTURE 24h/24 Tél. : 034 20 239 72
- CENTRE HOSPITALIER DE SOAVINANDRIANA (HOMI) EX-GIRARD ET ROBIC TEL 23 397 51
- HOPITAL JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA (HJRA) TEL 033 11 890 58 / 22 279 79
- HOPITAL JOSEPH RASETA BEFELATANANA TEL 22 223 84
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE IMAHO ANALAMAHITSY TEL 034 01 651 99 / 033 03 875 61 / 032 04 680 06
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICAL ST PAUL AMBATOROKA TEL 034 71 394 95 / 034 45 076 23 - MEDICAL SERVICE CLINIQUE MEDICO-DENTAIRE LOT IVR 20 ANTANIMENA (24/24) TEL 22 641 93
- CROIX BLEU DE MADAGASCAR SIEGE ANTANINANDRO - PROBLEME D'ALCOOLISME ET DE TOXICOMANIE TEL/FAX 22 324 59 / 22 634 62 / 033 11 442 77 / 032 07 545 30
- MARIE STOPES INTERNATIONAL MATERNITE CLINIQUE LOT II P 136 BIS AVARADOHA TEL 22 418 36 / 033 11 084 11
- CLINIQUE ET MATERNITE ST FRANCOIS ANKADIFOTSY - TEL 22 235 54
- POLYCLINIQUE D'ILAFY AMBOHITRARAHABA (24/24) TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73 / 033 11 073 91 / 032 07 243 28 / FAX 22 425 64
- TOBIM-PITSABOANA LOTERANA AMBOHIBAO (HOPITAL LUTHERIENNE) TEL 22 441 88 / 22 485 17 (24/24)
- CENTRE DE SANTE BEHORIRIKA TEL 22 641 28 / 22 603 63 / 033 11 458 48 / 032 07 409 38
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE DE TANJOMBATO - LOT III A 42 - TEL 22 571 94/ 033 11 058 00
- PAVILLON SAINTE FLEUR CENTRE HOSPITALIER UNIVERSITAIRE JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA AMPEFILOHA - TEL 22 661 04 / 22 663 93 FAX 22 660 82
- CENTRE DE SANTE SAINT MICHEL ANDRAVOAHANGY TEL 033 16 028 62
- CARREFOUR MEDICAL AMPARIBE (Médecine générale) LOT VH 39 BIS TEL 22 651 59 (7j/7 - 24h/24)
- CENTRE MEDICAL AMBATOMENA (IMMEUBLE SICAM ANALAKELY) TEL: 22 211 70
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) - TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CENTRE MEDICAL COLISEUM TEL 034 03 847 39 - 032 99 286 69 (7/7 - 24H/24)

ESPACE MEDICAL / SOS Médecins

- AMBODIVONA TEL 22 625 66/ 034 02 088 16/ 034 02 00 911

CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL

- IMMEUBLE OSTIE ANOSIBE 1er ETAGE TEL 22 200 32/ 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60

AROVY CLINIC

ATRIUM ANKORONDRANO
Urgences : 032 23 217 17 (24/24 - 7/7)

POMPIERS

- TSARALALANA TEL 18 / 118 (Airtel) / 22 390 30 / 033 15 500 86
- AMBOHIMANARINA TEL 033 15 501 76

POLICE SECOURS - GIR

- TEL 22 357 09 / 22 357 10 / 117

COMMISSARIATS

- 1er ARRONDISSEMENT ANALAKELY TEL 22 280 54
- 2e ARRONDISSEMENT AMBOHIJATOVO TEL 22 309 46
- 3e ARRONDISSEMENT ANTANINANDRO TEL 22 291 30
- 4e ARRONDISSEMENT ISOTRY TEL 22 280 51
- 5e ARRONDISSEMENT MAHAMASINA TEL 22 280 48
- 6e ARRONDISSEMENT AMBOHIMANARINA TEL 22 225 52
- 7e ARRONDISSEMENT 67 HA TEL 22 291 29
- 8e ARRONDISSEMENT ANALAMAHITSY CITE TEL 22 493 25
- POSTE DE POLICE AMPEFILOHA TEL 22 280 46
- POSTE DE POLICE MAHATONY TEL 22 242 22

# Teny rehetra teny

Sary sy soratra : Kelly R.




Lalao Basket fifaninanana an-tsekoly (LYCEE) eto Antananarivo . Nanomboka omaly tetsy amin'ny sekoly Sainte Famille izay natao ahatsiarovana ny lalao OSSUM taloha mba hitsirihina izay mety ho ekipam-pirenena atsy ho atsy.




Ny hazo no vanon-ko lakana ny tany naniriany no tsara.



Soa fa nisy itony fripery itony mba ho vahaolan'ireo tsy mahatakatra vaovao.







Endrika isehoan'ny fivarotana ireo entana izay hita teny rehetra teny. (Mahamasina Andravoahangy sns...)





Mbola ilaina foana ny fanafody nentim-paharazana mba handresana ny aretina.




**Afaka manokatra compte Orange Money Na inona na inona puce ampiasainao. Dimy minitra monja dia Paré !**

GCL 775/15-14

Telechargeo ny application

orange™